


# FANONTANIANA SY VALINY

 Manao ahoana, ry sakaiza. Vao avy niresaka tamin'ny pasitera malalantsika aho, rahalahy. Izaho dia . . . Heveriko fa nisy fanampiny sasany izay tsy noraisiko; tsy afaka nandeha lavidavitra fotsiny aho. Oadray, tena torotoro aho noho ireo fahitana. Hitanareo? Ary maro izy ireo, teo amin'ny dimy ambin'ny folo na roapolo tamin'ity tolakandro ity, ary mandrovitra ahy ho potipotika fotsiny izany. Nijery kely etsy sy eroa fotsiny. Nivoaka aho; hoy aho hoe, “Rahalahy Neville, raha—raha afaka mandroso ianao, dia mandrosoa; te-hitsoaka aho ka handeha hody.” Hoy aho hoe, “Efa saiky hianjera mihitsy aho, ny foko aza midoboka, mitsambikina.” Dia hoy aho hoe, “Izaho—izaho dia . . . saiky tsy afaka hitsangana intsony mihitsy.”

<sup>2</sup> Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, nanontany ahy ny olona raha afaka mamarana ny famaliana an'ireo fanontaniana ireo ianao.” Ary izaho—izaho—tsy tiako mihitsy ny hiala amin'ny laharan'andraikitra iray. Mankasitraka an-dRahalahy Neville aho. Ary angamba mandritra ny minitra vitsivitsy dia hanao ny tsara indrindra izay vitako aho. Ary izaho—fantatro fa misy . . . Niditra tao i Billy; hoy aho hoe, “Vitanao ve izy rehetra?”

<sup>3</sup> Hoy izy hoe, “Dada, misy roapolo na mihoatra mbola mitsangana—miandry.” Noho izany aho dia tsy afaka naka . . . Olona telopolo mihoatra izany androany, ary teo amin'ny dimy amby roapolo tamin'izy ireo dia fahitana; noho izany dia azonareo eritreretina ve izay itsanganako. Noho izany aho—reraka marina tokoa aho, reraka ara-tsaina fotsiny marina tokoa. Fa hivavaka isika, hanomboka avy hatrany amin'ireto fanontaniana izay navelantsika ireto. Ary avy eo aho rehefa . . . Raha mandeha any Arizona aho ary ireto no ao an-tsaiko, dia ho voaelingelina foana aho. Hiverina tsy ho ela aho, raha sitraky ny Tompo, ary hiresaka mikasika an'ilay lohahevitra indray andro any vantany vao azo atao, mikasika ny fahamarinan'ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Ndao isika hivavaka.

<sup>4</sup> Andriamanitra malala, Fantatrao ny foko, ary Fantatrao ny fihetseham-poko; Fantatrao ny momba ahy rehetra. Ary mivavaka aho, Andriamanitra; misy olona maro . . . Navelako handeha ela loatra fotsiny izy ireo, Tompo; maro loatra izy ireo. Fa tena mankasitraka aho fa tsy mino aho hoe nisy anankiray izay tonga androany ka tsy nampiana. Mino aho fa nivoaka faly sy afa-po ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Ireo zavatra izay tsy azoko novaliana samirery, dia nidina tao amin'ny fahitana Ianao ka nanambara tao amin'ny fiainan'izy ireo (mipetraka eto izy ireo, maro amin'izy ireo, mihaino an'izany mihitsy ankehitriny

ary mahafantatra fa izany no fahamarinana), ary nanambara tamin'izy ireo an'ireo zavatra izay tany aoriana teo amin'ny fiainana izay nahatonga an'ireo zavatra hitranga. Mahafantatra izy ireo, Tompo. Tsy misy fomba eto amin'izao tontolo izao hahafantarako an'izany ankoatry ny Fanampiana.

<sup>5</sup> Ary mivavaka aho, Ray any An-danitra, fa na dia reraka aza aho, dia faly ny ho Mpanomponao. Ary mivavaka aho mba Hitahiana an'ireo izay niandry, maro tamin'izy ireo no tehiditra. Ary izaho—izaho—matoky aho, Andriamanitra, fa izy ireo dia—hokarakarina izy ireo, Ny Fanahinao Masina lehibe no hanome azy ireo an'izay rehetra ilainy.

<sup>6</sup> Ampio aho hamarana an'ireto fanontaniana ireto, Andriamanitra malala, na hanao araka ny tsara indrindra izay vitako amin'izy ireo, mba hanana ny fanontaniany voavaly ny Vahoakanao. Nangataka azy ireo aho hanoratra azy ireny. Nanoratra azy ireny izy ireo, ary mahatsapa ho voatery hiezaka hamaly azy ireny ho azy ireo aho. Noho izany dia mivavaka aho mba Hanomezanao hery ahy mba ahafahako manao ny andraikitra Aminao sy amin'ny olona. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahako. Amena.

<sup>7</sup> Ankehitriny, hanomboka avy hatrany amin'izay navelantsika aninkeo maraina isika. Mety tsy ho haiko vakiana ny sasany amin'ireto, satria izany... Farim-peo kely aho, satria niresaka betsaka. Firy no tao amin'ny famantarana androany izay nankasitraka an'Andriamanitra marina tokoa nanome anareo an'izay...? Hitanareo? Izany no tsara indrindra amin'izy rehetra ireo, dia ireo karazana fotoana ireo. Ireo zavatra izay tianareo ho fantatra sy ireo zavatra izay nafenina teo amin'ny fiainana dia voambara sy voateny.

<sup>8</sup> Ary—ary tsarovy, ny maro amin'ireo zavatra ireo... Ankehitriny, maro aminareo no mahafantatra fa misy zavatra mahasaikatra tokoa izay voalaza sy voaseho, fa tsy misy olona mahafantatra an'izany mihitsy afa-tsy izaho sy Andriamanitra. Ary izay notenenina taminareo, tsy maintsy ho eo aminareo sy Andriamanitra izany; avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Ary... Firy aminareo no mahafantatra fa ny Tompo no nanambara an'ireo zavatra izay... izay natao, manome fanampiana anareo? Atsangano ny tananareo raha izany ilay izy. Hitanareo? Tsy nahafantatra ny olona akory aza, na inona na inona mikasika azy ireo, fa Izy—Izy no nanao an'izany.

<sup>9</sup> Ankehitriny, ndao jerentsika haingana mihitsy arak'izay azo atao ireo fanontaniana ankehitriny ka hahita raha mety azontsika ilay... Mbola misy anankiray hafa izay eto any ho any. Iza no voalaza, “Nomerao telo.” Mino aho fa taratasy iray ilay izy; marina izany, taratasy iray fotsiny ilay izy. Miala tsiny aho. Hametraka azy ireo eto aho arakaraky ny ahatongavako eo amin'izy ireo, ary heveriko... Eny, tompoko, taratasy iray

koa ity. Ary izao no voalaza, “Fanontaniana,” nefa mino aho fa taratasy iray ilay izy, fanontaniana ao anaty taratasy iray. Tsia, tsy izany ilay izy, fanontaniana iray mikasika nofy iray ilay izy. Eny àry, hamaky an’ily nofy aho, ary avy eo dia ho hitako raha omen’ny Tompo ahy ny dikany, ary ampitaiko aminao arak’izay vitako izany. Ataoko fa nanoratra ny adiresinao ianao. Ndao jerentsika raha izany ilay izy; raha tsy izany ilay izy, dia asaiko hametraka ny adiresinao ianao, ilay olona miaraka amin’ity fanontaniana ity sy—sy nofy. Tsia, tsy mametraka azy ianao.

<sup>10</sup> Na iza na iza nanoratra an’ily taratasy (ilay izy dia manana ny . . . nosoratana ho ahy fotsiny ilay izy), omeo an’i Billy ny adiresinao, ka raha handeha amin’ny lalako mankany Arizona aho, dia ho any an-tany efitra aho ary hivavaka. Ary raha Omeny ahy ny dikany, dia ho fantatro hoe ho aiza no hanoratana azy (hitanao? Raha tsy misy an’izany eo hanomezana ny dika- . . .) raha Omeny izany. Fa tsy hilaza an’izany aho raha tsy izany ilay izy, satria izany ihany no azoko anaovana azy; amin’izay fotoana izay vao ho fantatro raha marina ilay izy. Ankehitriny.

**376. Ny Ampakarina ve, ireo izay mino an’ity Hafatra ity, dia handeha any andrefana, hiangona any amin’ny farany, no tiako lazaina?**

**377. Ary ny** (Ankehitriny, iray minitra fotsiny, ity dia . . . mitondra . . . Iray segondra fotsiny. Oh! Tsia, tsy izany ilay izy, ilay izy dia misy “R-e-v.” Noheveriko . . . Ilay izy dia Apokalypsy toko, ary toy ny hoe “Rev. Capps,” ary izaho—izaho—izaho dia nifanjevo kely—kely fotsiny mikasika an’ily izy. Izany dia . . . Raha afaka mahita ianareo, dia azo antoka fa tena mitovy amin’izany ilay izy. Hitanareo? Ilay izy dia “Rev. Capps” ary avy eo izany nanohy eto . . . Tsia, mety tsara ilay izy.) **Apokalypsy toko 12, miresaka ny amin’ny Ampakarina?**

<sup>11</sup> Tsia! “Ankehitriny, handeha any andrefana ve ny Ampakarina amin’ny farany, amin’ny farany?” Tsia araka ny fantatro; maneran-tany ny Ampakarina, manerana an’izao tontolo rehetra izao. Ankehitriny, ny olona rehetra izay mahazo an’izany manaova hoe, “Amena!” [Mamaly ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.]

Tsy mampaninona izay misy anareo, izay ahafatesanareo, na inona na inona ilay izy, raha maty ao amin’i Kristy ianareo, dia hitondra anareo miaraka Aminy Andriamanitra. Tsy mampaninona na nodorana ianareo, nohanina, nopotehina, na ahoana na ahoana ilay izy, Andriamanitra dia hitondra anareo miaraka amin’i Kristy rehefa tonga Izy. Tsy mila miangona any andrefana na aiza na aiza ianareo. Na aiza na aiza itarihan’ny Tompo anareo . . .

<sup>12</sup> Kanefa, raha tsapanareo fa toa te-handeha any andrefana ianareo, mamela ahy hanao an’izany ho tena mazava mihitsy

ankehitryny, alohan'ny andehanako. Ankehitryny, noho izany... (Manao horonam-peo an'ity hafatra ity ve izy ireo? Manao izy ireo? Eny àry.) Aza mamela ahy hiteny aminareo hoe aiza no handehananareo. Ary raha tsapanareo fa toa te-ho tonga any andrefana ianareo, dia tongava any andrefana. Raha tsapanareo fa toa te-handeha any atsinanana ianareo, avaratra, andrefana, atsimo, dia mandehana any amin'izay itarihan'ny Tompo anareo. Ny olona rehetra izay mahazo an'izany manaova hoe, "Amena!" [Mamaly ny fiangonana hoe, "Amena!"—Mpand.]

<sup>13</sup> Tsy miezaka milaza amin'iza na iza aho hoe aiza no tsy andehanana. Ary raha tonga any Tucson ianareo, Arizona, izay ipetrahako vonjimaika amin'izao fotoana izao... Araka ny nolazaiko taminareo aninkeo maraina, manin-te-hody aho nefa tsy manana trano iray handehanana. Naniry aho ny hanana olona iray, toerana iray izay azoko antsoina hoe trano iray ka andehanana. Raha, izao hariva izao, raha manana iray alina dolara aho ka afaka nanome an'ilay toerana ho an'ny... ary nanome an'izany maimaim-poana any ho any izay azoko lazaina hoe, "Ity no toerana izay tiako antsoina hoe trano," dia ho nomeko maimaim-poana izany. Tsy manana toerana aho.

Rahalahy Fleeman, izaho fotsiny... nahafantatra ahy hatramin'ny naha-zalahy iray ahy ianao; izaho—izaho—mpirenireny iray aho. Aza lasa mpirenireny iray mihitsy; mitadiava toerana iray izay tianareo ary mipetraha; andraso ny Tompo Jesosy.

<sup>14</sup> Fa raha te-ho tonga any andrefana any Tucson ianareo, Arizona, izay ipetrahako, dia tongasoa; ho faly aho hanana anareo. Rahalahiko ianareo, anabaviko. Hanao ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao aho mba hanampiana. Ary—ary ianareo rehetra izay tonga tany, dia niezaka ny tsara indrindra izay vitako aho mba hanao anareo ho tongasoa, ary naneho taminareo ny zavatra rehetra izay fantatro, ka nitondra anareo nanodidina, nanao ny zavatra rehetra izay vitako. Ary tongasoa foana ianareo.

<sup>15</sup> Fa raha tonga eo ambanin'ireto fepetra ireto ianareo, mihevitra fa ny Ampakarina na zavatra iray dia hiakatra avy any Tucson, Arizona, ary any irery ihany, dia diso ianareo. Aza tonga ho an'izany, aza tonga ho an'izany, satria fahadisoana iray izany. Tsy marina izany.

<sup>16</sup> Ankehitryny, Apokalypsy toko faha-12... Fa zavatra iray ihany no ambaran'ny Tompo amiko na resahany amiko tahaka... Vao avy tao amin'ireo fahitana mihitsy aho (hitanareo?), ary somary sarotra ny manala an'izany. Hitanareo? Saingy toa miresaka amiko indray Izy mba hilaza bebe kokoa indray mikasika an'ity fandehanana any andrefana ity.

<sup>17</sup> Ankehitryny, araka ny efa nolazaiko tany aloha, tsy any aho mba ho any fotsiny, any aho satria voatarika ho any.

Fa ny mijanona any, manao azy ho tranoko, dia heveriko fa diso izany. Tsia, heveriko fa tsy ho izany ilay izy fa fotoana fohy fotsiny mandra-pahatanteraky ny tanjona izay nanirahan'Andriamanitra ahy any. Tsy afaka miteny aminareo eto aho hoe nahoana aho no mandeha, fa tsy handeha aho mba handehanana fotsiny.

<sup>18</sup> Nanontaniana izany tao amin'ny fanontaniana iray indray andro hoe: “Fantatray ny antony nandehananao voalohany tany Arizona, izany dia ireo Anjely izay niseho. Nahoana ianao no niverina fanindroany?” Tsaroanareo ve ilay fanontaniana novakiana?

<sup>19</sup> Firy no mahatsiaro rehefa niverina aho taorian'izany ary nipetraka teo anoloan'i Dr. Lee Vayle (mino aho fa ato amin'ny tranobe any ho any izy) sy ny vadiko? Ary niresaka mikasika an'i Arizona aho sy ny mikasika anay mijanona eto, ary nisy tãnana iray tonga teo amin'ny rindrina sy hazavana ka nanoratra tamin'ny litera hoe, “Miverena any Arizona.” Firy no mahatsiaro an'izany? Izany no antony hiverenako any. Tsy nahafantatra hoe nahoana aho no niverina, ary rehefa tonga tany aho, tamin'izay fotoana izay dia Nambarany izay tsy maintsy niverenako. Ary raha teneniko izany, dia hosakanan'i Satana izany. Fa tsy mahafantatra ny foko izy. Tsy izy no Teny, noho izany tsy mahafantatra ny foko izy. Fa raha teneniko izany, amin'izay fotoana izay dia henony izany. Koa ankehitriny, tsarovy izany.

<sup>20</sup> Ankehitriny, rehefa nilaza aho indray andro, dia somary nanao an'ilay izy. . . angamba somary mety manana an'ilay fiheverana diso ianareo; nilaza aho hoe, “Aza tonga any Arizona.” Hitanareo? Tsy izany no tiako nilazana azy hoe, “Aza tonga!” Ny tiako nolazaina dia hoe: Raha voatarika ho tonga ianareo, dia mandrosoa ary ataovy ilay izy, raha voatarika ho any California ianareo, Arizona, na aiza na aiza misy anareo. Fa raha mandeha any ianareo, manao hoe, “Rahalahy Branham, handeha any aho, satria mino aho fa hijanona any ianao ary hitory ny Teny,” dia mino aho fa diso ianareo eo. Hitanareo? Izay misy ny toriteniko dia, dia eto amin'ity tabernakla ity mihitsy; ity no toerana.

<sup>21</sup> Tsy manana fivoriana iray aho any Arizona. Ary tsy any Arizona aho afa-tsy ora vitsy fotsiny isaky ny mandeha. Tsy manana aho. . . Manana fivoriana iray an'ny Business Men aho aorian'ny Krismasy, ny voalohan'ny taona, any Phoenix. Izay ihany no ananako; nampanantena an'izany aho, tsy misy na inona na inona hafa.

<sup>22</sup> Ny fivoriako manaraka, araka ny fantatro, dia eto mihitsy ao amin'ny faha-8 sy Penn Street eto amin'ny Branham Tabernacle. Manana lohahevitra telopolo na efapolo aho izay fantatro fa hila herinandro iray na roa hahavitana azy ireo, izay ananako

ato am-poko ho toriana eto amin'ny Branham Tabernacle, eto Jeffersonville, Indiana.

<sup>23</sup> Ary ankehitriny, raha te-handeha marina tokoa any ho any ianareo mba hijanona amin'ny Teny, izay misy ny Hafatsika... Ary tsy hafa ny Hafatsika, izany dia ilay Hafatra iray ihany izay efa renareo nandritry ny fiainanareo rehetra, zavatra hafa amboniny fotsiny no voambara tamin'Izany. Ity Hafatra ity dia ilay Hafatra iray ihany izay notorian'i Luther, Hafatra iray ihany izay notorian'i Wesley, ilay Hafatra iray ihany izay notorian'ny Pentekotista, zavatra nampiana iray fotsiny no nanampiana an'Izany. Izany dia, dia ny fanambarana an'ireo Tombokase, izay navelan'ireo mpanavao (hitanareo?), izay nampahafantarina amin'izao andro izao izay tsy azo fantarina tamin'izany. Tsy azo fantarina ny hafatra Pentekotista tamin'ny andron'i Luther sy Wesley; tsy maintsy niandry hatramin'ny taona Pentekotista izany. Saingy ny taona Pentekotista dia tsy inona fa taona Loterana iray mandroso lavidavitra kokoa fotsiny. Tahaka ny katsaka eo am-pahasahana fotsiny na zavatra hafa, dia tahaka an'izany koa ny fiangonana.

<sup>24</sup> Raha nitony aho izao hariva izao, dia saika hitory mikasika an'ilay lohahevitra aho, voamarika eto amin'ny Baiboly hoe, "*Ilay Voaloboka nafindra avy tany Egypta nankany Palestina.*" Firy aminareo no mba nahafantatra fa Andriamanitra dia nilaza fa Isiraely no Voalobony? Avy eo dia hitodika aho avy amin'izany mankany amin'i Jesosy ho ilay Voaloboka. Ary ilay Fiangonana ankehitriny dia efa nafindra nankany amin'izao tontolo izao, tsy napetraka ao anaty loto izy, fa napetraka ao amin'i Kristy, izay tsy maintsy mitondra voa. Hitanareo? Ary izany no ho hafatro izao hariva izao raha tsy maintsy hitory aho. Saingy nieritreritra aho fa tsara kokoa ny maka an'ireto fanontaniana ireto, noho izany dia navelako fotsiny izany. Halaiko izany angamba rehefa miverina aho.

<sup>25</sup> Apokalypsy toko 12 dia tsy mikasika ny Ampakarina. Apokalypsy toko 12 (tsy mbola nojereko izany saingy fantatro izany), ilay vehivavy mitsangana ao amin'ny masoandro miaraka amin'ny volana eo ambanin'ny tongony. Ny volana dia naneho ny lalàna; ilay vehivavy dia naneho an'i Isiraely, ny fiangonana; ary ny kintana roa ambin'ny folo teo amin'ny handriny dia ireo apostoly roa ambin'ny folo, taom-piangonana roa ambin'ny folo, sy ny sisa, izay vao nandalo. Hitanareo? Ary ny masoandro dia teo amin'ny lohany. Satria hitanareo, ny volana dia aloka iray an'ny masoandro, satria ny lalàna dia aloka iray an'ireo zavatra ho avy. Ary io vehivavy io dia Isiraely, fa tsy ny Ampakarina.

Ankehitriny dia tsy handany fotoana be loatra aho, satria tsy maintsy mamita azy ireo aho.

**378. Romana 7:14-18, "Fantatsika fa ny lalàna dia ara-panahy: fa izaho dia ara-nofo, namidy teo ambanin'ny fahotana.**

**Fa izay hataoko—tsy: fa izay tiako, dia tsy ataoko; fa izay halako, no ataoko. Koa raha manao izay tsy tiako aho, izaho (a-f-a-. . .) ny—ny lalàna, manaiky ny lalàna, hoe tsara izany. Koa ankehitriny, tsy izaho intsony no manao an'izany, fa ny fahotana izay mitoetra ato anatiko.” Tsy azoko izany.**

<sup>26</sup> Eny, nanoratra ny Soratra izy ireo; izany dia i Paoly miresaka amin'ny Romana. Ankehitriny hoy izy. . . Mamelà ahy somary hanadio an'izany fotsiny mba ahafahanareo hahita. Hoy izy hoe, “Misy olona roa ato anatiko: ny tsara, no tian'ilay anankiray hataoko; ny ratsy, no tian'ilay hafa hataoko. Ary isaky ny manomboka hanao ny tsara aho, amin'izay fotoana izay dia ny ratsy no misakana ahy.”

<sup>27</sup> Firy aminareo olona teo amin'ny fifampiresahana tamin'ity tolakandro ity no nanao an'io zavatra iray ihany io, ary aninkeo maraina (hitanareo?), ilay zavatra iray ihany? Niresaka mikasika an'izany aho aninkeo maraina, vonjimaika.

<sup>28</sup> Ianareo dia olona iray ivelany izay fehezin'ny taovam-panamboloana enina; ianareo dia olona iray ao anaty fehezin'ny taovam-panamboloana anankiray dia ny finoana. Ary io finoana io dia tsy mifanaraka amin'ireo taovam-panamboloana enina rehetra raha tsy mifanaraka amin'ny finoana ireo taovam-panamboloana enina. Fa ny iray dia mifanohitra amin'ilay hafa. Ankehitriny, raha mbola mifanaraka amin'ny finoana foana ireo taovam-panamboloana enina, dia mahafinaritra; fa rehefa tsy mifanaraka amin'ny finoana ireo taovam-panamboloana enina, amin'izay fotoana izay dia avelao hipetraka tsara ireo taovam-panamboloana enina.

<sup>29</sup> Ankehitriny, ohatra eto, Jesosy dia nanao filazana iray, teny fikasana iray. Ilay olona ao anaty dia milaza fa marina izany; ilay olona ivelany dia mandanjalanja fa tsy mety ho marina ilay izy aminareo, noho izany dia aza miraharaha an'ilay olona ivelany fa ekeo ilay olona ao anaty. Ankehitriny, izany ilay zavatra iray ihany izay resahan'i Paoly. Namidy teo ambanin'ny lalàna ho amin'ny ota ara-nofy izy. Tahaka an'izany ny tsirairay avy amintsika. Izany no antony hoe isika dia. . . manana ny olona izay ananantsika, ny amin'ny nanambadiana in-efatra na indimy, ary *ity*, sy *itsy*, ary ny. . . ny karazam-pahotana rehetra, sy ny fijangajangana, ary ny zavatra hafa rehetra nandritry ny fiainantsika, dia noho ireo zavatra ireo. Ara-nofy isika, ary tsy maintsy levona io ampahany io; fa amin'izay fotoana izay, ao anaty, dia olona fanahy isika, ao anaty ny aina, ary izany dia ny finoana ny Tenin'Andriamanitra; avy eo dia mitondra ny tenantsika ivelany eo ambanin'ny fanekena ny Teny amin'ny alàlan'ny finoana isika, amin'ny fanekena an'izay nolazain'Andriamanitra.

<sup>30</sup> Ahoana no ahafahako maka tsipolitra iray ka hanao voam-

bary iray avy amin'izany? Tsy azoko atao izany. Ny fomba tokana ahafahan'izany hisy dia satria ny anatin'io tsipolitra io efa nafindra avy tamin'ny vary tsipolitra. . . tsipolitra iray ho tsimoka iray antsoina hoe “ainam-bary.” Avy eo dia alevinareo io tsipolitra io, dia hamokatra voam-bary iray izy (marina izany. Hitanareo?), fa nisy aina iray an'ilay vary napetraka tao anatin'ilay tsipolitra. Ary nesorina ny ain'ilay tsipolitra; saingy ny natioran'ilay tsipolitra dia mbola miraikitra foana (hitanareo?), ary izany dia hijanona mandra-pahatongan'io aina vaovao io hitombo tanteraka avy ao amin'ny tany ka hitsangana indray. Rehefa mipoitra izy, dia tsy tsipolitra intsony, fa vary—fa vary. Fa raha mbola eto an-tany izy sy ny . . . ao amin'ny. . . avy ao amin'ny tany. . . Ary ny tsipolitra iray, mbola miraikitra foana izy, saingy manana an'ilay natiora ao anatiny an'ny vary izy.

<sup>31</sup> Ary raha mbola eto amin'ity fiainana ity foana ianareo, dia hiraikitra sy hanana natiora ara-nofa iray izay hanelingelina anareo raha mbola velona foana ianareo; fa ilay ao anatinareo, dia nateraka indray ianareo. Ary rehefa nitsangana ianareo, dia mitovy amin'i Kristy ary lasa miala aminareo ny fahotana. Hitanareo? Izany no—izany ilay zavatra.

<sup>32</sup> Afaka milaza an'ity ve aho? Toy ny hoe vazivazy ilay izy. Indiana iray. . . Olona tena hafahafa izy ireo. Ary izaho. . . Tsy hafahafa izy ireo; mahatsikaiky izy ireo amintsika; fa toa mety tsara izy ireo amin'ny tenany. Ary raha vitanareo ny hahafantatra azy ireo, dia mety tsara izy ireo. Nanontaniana ny Indiana iray indray mandeha hoe oviana izy no voavonjy. . .

<sup>33</sup> Tsaroako ny anankiray tany Phoenix, Arizona. Tonga i Billy mba hizara karatra fangataham-bavaka. Ary nitsangana teo fotsiny izy dia nizara karatra fangataham-bavaka. Ary ireo olona ireo izay afaka nihazakazaka niakatra teo ka nandramby an'ireo karatra fangataham-bavaka. . . Raha ireo—ireo olona tsara dia tratry ny aretin'an-doha marina tokoa, areti-nify, na zavatra tsy nety tamin'ny rantsan-tongony, izy ireo dia—nahazo karatra fangataham-bavaka izy ireo, Rahalahy Ruddell. Ary rehefa—rehefa nahazo izy ireo, tamin'izay fotoana izay tao amin'ilay laharam-bavaka, ny zavatra tokana nananako, dia olona iray niaraka tamin'ny aretin'an-doha, olona iray nanana zavatra tsy nety tamin'ny rantsan-tongotra, sy ny zavatra tahaka an'izany. Ary nisy olona nipetraka teo izay teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana sy ny sisa tsy tafiditra tao amin'ny laharam-bavaka. Hoy aho hoe, “Billy, mandehana mankeo ka anontanio ireo olona ireo hoe inona no tsy mety amin'izy ireo. Ary raha tsy voan'ny homamiadana izy ireo, na aretina mahatsiravina, na zavatra mety hamono azy ireo, dia aza omena an'ireo karatra fangataham-bavaka ireo izy ireo. Ento ao anatin'io laharam-bavaka io ireo olona eo ireo izay ho. . . izay vonona ny ho faty raha tsy ampian'ny Tompo. Avelao hiandry



fotsiny ireo hafa. Avelao izy ireo hiditra haingana ao anatin'ny laharana na zavatra iray. Fa avelao ireo olona izay vonona ny ho faty. . .” Hoy aho hoe, “Anontanio izy ireo.”

Hoy izy hoe, “Eny, nilaza ianao hoe, ‘Afangarohy fotsiny ireo karatra dia omeo azy ireo izany.’ Izany no nataoko.”

Hoy aho hoe, “Fa ireo olona izay misongona azy ireo no alainao, ary izy ireo no mahazo. . . Ireo mandringa mampalahelo sy ny sisa ireo dia tsy afaka mahazo azy ireo.”

“Eny àry, hataoko izany.”

Mandeha izy; nisy Indiana antitra iray (ary tena mahatsikaiky izy ireo), tsy nipetraka teo amin'ny seza iray izy. Nomen'izy ireo seza iray izy, fa nipetraka teo amin'ny gorodona tao anatin'ny tranolay izy. Nanao satroka iray izy; tsy nesoriny izany; nisy volom-borona niraikitra tao aorian'izany, nipetraka teo fotsiny.

Nanatona azy i Billy, ary nandalo, ka hoy izy hoe, “Mila karatra fangataham-bavaka iray ve ianao?”

“Hmm.”

Hoy izy hoe, “Inona no tsy mety aminao, Sefo.”

Hoy izy hoe, “Izaho marary!”

Hoy izy hoe, “Fa inona no tsy mety aminao?”

Hoy izy hoe, “Izaho marary!”

Hoy izy hoe, “Fa tiako ho fantatra izay tsy mety aminao!”

Hoy izy hoe, “Izaho marary!”

<sup>34</sup> Izay ihany no azony avy taminy, hoy izy, “Eny àry, hiverina aho rehefa afaka kelikely.” Noho izany dia nandeha nanontany ny olona i Billy. Nanohy nandinika an'ireo karatra fangataham-bavaka niha-nanify kokoa sy niha-nanify kokoa ilay Indiana antitra. Isaky ny misintona azy avy ao am-paosiny izy dia miha-manify kely kokoa izy ireo. Noho izany afaka kelikely, dia nitsangana ilay Indiana antitra, ary nandeha teo, ary nikapokapoka an'i Billy teo amin'ny lamosina mba hampahatsiahy azy fa ao anatin'io koa izy. Hoy izy hoe—hoy izy hoe, “Sefo, inona no tsy mety aminao?”

Hoy izy, “Izaho marary!”

Hoy izy hoe, “Eny, Sefo, tsy maintsy miteny amiko ianao. Nilaza i Dada mba tsy hanome an'ireto karatra ireto ho an'ny olona izay ho. . . nanana fotsiny, toy ny aretin-kibo, sy ny aretin'an-doha, sy ny sisa. ‘Omeo an'ireo olona tena narary izy ireo.’” Hoy izy, “Marary toy ny ahoana ianao, Sefo?”

Hoy izy hoe, “Izaho marary.” Napetrany teo indray izy alohan'ny izy. . . saika lany marina tokoa ireo karany. Minitra vitsy. . . Nanohy nandinika an'ireo karatra izy. Niverina izy ary nikapokapoka azy indray. Natsotrany ny tanany. Napetrak'i

Billy teo an-tànany ilay karatra, hoy izy, “Sefo, mandehana soraty eo hoe, ‘Izaho marary.’”

<sup>35</sup> Niditra tao amin’ny laharam-bavaka izy, ary nivavaka ho azy aho, ka hoy aho hoe, “Mino ve ianao, Sefo?”

Hoy izy hoe, “Marina izany.”

Dia hoy aho hoe, “Eny, mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra?”

Hoy izy hoe, “Marina izany.”

Hoy aho hoe “Ho zazalahy tsara iray ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Marina izany.”

Nihaona taminy aho teo amin’ny herinandro tatỳ aoriana. Mino aho fa tany Rahalahy Fred Sothmann. Izany dia rehefa izy ireo. . . ary rehefa nandeha ilay fivoriana anaty tranolay. Phoenix ilay izy. Ary nihaona taminy aho taty aoriana kely tamin’ny herinandro; hoy aho hoe, “Mety tsara ve ianao, Sefo?”

Hoy izy hoe, “Marina izany.” Tonga mba hahita, niresaka aho tamin’ny. . . Iza no anaran’ily misionera tany, ilay lehilaha antitra miaraka amin’ny volombava fotsy, any amin’ireo Apaches? Tsy afaka mieritreritra ny anarany aho. Oh, lehilaha antitra iray mahafinaritra izy. Ny vadiny dia sitrana tamin’ny homamiadana, fantatrareo. Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, izay ihany no azony lazaina.” Hoy izy, “Izaho no nampianatra azy hilaza hoe, ‘Izaho marary.’ Izany no zavatra tokana azony lazaina hoe, ‘Marina izany.’” Koa izany dia—izany no mikasika an’ily izy, hitanareo. “Marina izany. Izaho marary!”

<sup>36</sup> Niteny tamiko ny olona iray fa izy dia nanana, anankiray, indray mandeha, izay niova fo, nandray ny Fanahy Masina, dia hoy izy taminy hoe, “Manao ahoana ianao izay?”

Dia hoy izy hoe, “Tsara ihany dia ratsy ihany.”

Hoy izy hoe, “Eny, inona no tianao lazaina hoe ratsy ihany dia tsara ihany?”

Hoy izy hoe, “Eny, hatramin’ny nandraisako ny Fanahy Masina,” hoy izy, “dia nisy alika roa tato anatiko, ary ny iray amin’izy ireo dia alika mainty ary ny iray amin’izy ireo dia alika fotsy.” Ary hoy izy, “Miady hevitra foana izy ireo.” Hoy izy, “Mierona sy miady izy ireo.” Dia hoy izy, “Ilay alika fotsy mila ahy hanao ny tsara; ilay alika mainty mila ahy hanao ratsy.”

Hoy izy, “Eny, Sefo, iza amin’izy ireo no mandresy amin’ny ady?”

<sup>37</sup> Hoy izy, “Izany dia miankina amin’ny hoe iza no fahanan’i Sefo indrindra.” Noho izany dia heveriko fa valiny tsara izany eto. Hitanareo? Miankina fotsiny amin’ny fiadian’ily vatana izay ao anatinareo fotsiny izany; izany dia miankina amin’ny hoe iza no karakarainareo, natiora iza no karakarainareo, ny natioran’ny nofo arak’ireo zavatr’izao tontolo izao, sa ny natiora

ara-panahy arak'ireo zavatr'Andriamanitra. Izany no manao an'ilay izy.

**379. Afaka ho tena voahosotra ve ny zanak'Andriamanitra tsirairay hany ka afaka manao fahagagana izy, famantarana, zava-mahagaga, sa izany fotsiny dia... araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina izany?**

<sup>38</sup> Eny, araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina izany. Raha zanakalahin'Andriamanitra ianareo, na zanakavavin'Andriamanitra, na inona na inona ianareo, rehefa nandray ny Fanahy Masina ianareo, amin'izay fotoana izay dia ny Fanahy Masina no mitarika anareo hanao zavatra.

<sup>39</sup> Tsy manam-potoana aho. Maniry mihitsy aho ny afaka hiteny tantara kely aminareo. Isaky ny mieritreritra an'izany aho, dia tsy maintsy mamela an'izany fotsiny. Saingy heveriko fa ity anankiray ity dia hihazona mandritry ny iray minitra fotsiny.

<sup>40</sup> Tany Meridian ilay izy, Mississippi. Maro aminareo vahoakan'ny an'ny Tokana, Rahalahy Bigby no nanao...no nanohana an'ireo fivoriako, rahalahy an'ny Tokana izy. Ary indray hariva tao amin'ny fivoriana iray, dia nandeha tao amin'ilay kianja i Billy Paul ary nizara karatra fangataham-bavaka. Oh, nirotsaka ny orana. Ary nitsangana tany ivelany niaraka tamin'ny elo sy ny sisa ny olona. Ary nizara karatra fangataham-bavaka i Billy, ary nisy ny...Ary avy eo dia tonga izy haka ahy. Ary raha mbola nisy...raha tonga haka ahy izy, dia nisy ramatoa kely iray nipetraka teo aloha, ary nisy ramatoa iray hafa nandeha niaraka tamin'ny zaza kely iray, niezaka hampangina azy. Ary ity ramatoa kely nipetraka teo nanao akanjo calico kely ity, na inona na inona ilay izy, dia reny iray ihany koa. Ary nahita an'ilay ramatoa izy, ary niteny tamin'ilay vehivavy ny Fanahy Masina, zavatra tao am-pony hoe, "Mandehana mivavaka ho an'io zazakely io."

<sup>41</sup> "Eny," hoy izy, "amin'ny manaraka rehefa mandalo izy, dia handeha hivavaka ho azy aho." Ary rehefa nandalo indray izy, nihazona karatra fangataham-bavaka iray ilay ramatoa. "Oh," hoy izy, "izaho—tsy afaka hivavaka ho an'io zazakely io aho." Hoy izy, "Ranadahy Branham no hivavaka ho an'io zazakely io izao hariva izao. Ary iza moa aho no hivavaka ho an'ilay zazakely raha Ranadahy Branham no hivavaka ho azy?" Ankehitriny, fanajana izany, ary tsara izany, saingy tsy mety ho ny sitrapon'Andriamanitra foana izany. Indraindray dia hafa ilay izy.

Nanohy niteny taminy ny Fanahy Masina hoe, "Mandehana mivavaka ho an'io zazakely io."

Farany dia nieritreritra izy hoe, "Handà ahy am-pangatsiahana io vehivavy io. Mahafantatra fa manana an'io karatra fangataham-bavaka io izy, tsy ho tiany hivavaka ho an'io zazakely io aho. Nentiny eto io zazakely io, tsy ny

hivavahako ho azy, fa ny hivavahan-dRanadahy Branham ho azy.”

Noho izany dia nanohy nilaza ny Fanahy Masina hoe, “Mandehana mivavaka ho an’io zazakely io.”

Farany dia hoy izy hoe, “Eny, mba hanamaivanana ny tenako dia hilaza fotsiny aho. . . Homeko azy ny sezako.” Noho izany dia hoy izy hoe, “Malala (reny kely iray miresaka amin’ily iray hafa), ho tianao ve—tianao ve. . . ? Manana an’io zazakely io ianao,” hoy izy, “ho avy ve ianao, hipetraka eto, haka ny sezako?”

Hoy izy hoe, “Oh, Malala, tsy te-haka ny sezanao aho.” Hoy izy, “Miezaka ny hampangina an’ily zazakely aho.”

Hoy izy, “Saingy toa tena reraka sy trotraka ianao.”

Hoy izy hoe, “Izany aho.”

Hoy izy hoe, “Eny, mipetraka eto ka alaivo ny sezako.” Ary hoy izy hoe, “Hitako fa manana karatra fangataham-bavaka iray ianao. Angamba ianao dia. . . Hivavaka ho an’ny zazakelinao ve Ranadahy Branham?”

Hoy izy hoe, “Manantena izahay fa ho voantso ity nomerao ity.”

Dia hoy izy hoe, “Eny, manantena koa aho.” Hoy izy hoe, “Rahavavy, Kristiana ve ianao?”

Hoy izy, “Oh, eny!”

Hoy izy hoe, “Kristiana koa aho.” Ary hoy izy, “Hatramin’ny nipetrahaiko teto, dia niteny tamiko ny Fanahin’ny Tompo hoe, ‘Mivavaha ho an’io zazakely io.’ Afaka manome alàlana ahy ve ianao? Fantatro fa hivavaka ho an’io zazakely io Ranadahy Branham raha voantso izy. Ary manohiza mihazona ny karatrao fotsiny ianao, dia ho azony izany.” Hoy izy, “Fa raha mametraka ny tianako eo amin’ily zazakely aho, ary hanolotra vavaka kely iray fotsiny mba hanao ny tenako hahatsapa tsaratsara kokoa, ary miala avy ao ambanin’ily miantso ahy, izany ve—hanafintohina anao ve izany?”

<sup>42</sup> Hoy izy hoe, “Nahoana, tsia tokoa, Malala. Mivavaha ho an’ily zazakely.” Ary zazakely mangana kely ilay izy, ary noho izany ilay—nivavaka ho azy ilay ramatoa kely. Nomeny an’ily ramatoa ny sezany, dia niakatra teo amin’ny rihana fahatelo izy ary nitsangana. Rahalahy Kristiana iray teo ambony teo, lehilahy tena mihaja nitsangana ka nanome seza iray an’io ramatoa io, noho izany dia nipetraka izy.

<sup>43</sup> Teo amin’ny antsasak’adiny taty aoriana, dia tonga tao amin’ily fivoriana aho, niresaka nandritra ny minitra vitsy, niantso an’ireo karatra fangataham-bavaka; ary io vehivavy io no fahatelo na fahefatra tao amin’ily laharana niaraka tamin’io zazakely io. Dia nitsangana teo izy, ka nanao hoe, “Oh, misaotra anao, Tompo. Ankehitriny, tena nalahelo an’io reny

kely io aho, mino aho fa ho salama ilay zazakely ankehitriny, satria Ranadahy Branham . . . Ny fahatelo na fahefatra fotsiny, dia ho tonga amin'io anankiray io izy.” Hoy izy, “Misaotra anao, Tompo,” ilay reny kely mipetraka eo, fihetseham-po ho an'io zazakely io. Eny àry.

<sup>44</sup> Noho izany rehefa nanatona aho, nanomboka nivavaka ho an'ilay zazakely, rehefa nanatona ilay ramatoa, nanao hoe, nijery azy aho ka nanao hoe, “Ankehitriny, zazakely mangana iray ny zazakelinao. Nentinao eto izy mba hivavahana. Ary ankehitriny, ny anaranao dia Rtoa. *Ranona-sy-ranona*, ary avy any amin'ny toerana iray *Izao-sy-izao* ianao; fa efa sitrana ilay zazakely. Nisy vehivavy iray izay nanana enta-mavesatra tao am-pony amin'ny anarana hoe Rtoa. *Ranona-sy-ranona*, izay mipetraka eto eny ambony rihana (voalohany amin'ny faran'ny laharana fahefatra amin'ny rihana fahatelo), nivavaka ny vavaky ny finoana ho an'ilay zazakely; ary efa sitrana ilay zazakely.” Saika nianjera avy teo amin'ny sezany mihitsy izy. Hitanareo?

<sup>45</sup> Ankehitriny, ahoana moa raha tsy nanao an'izany izy? Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ankehitriny, io vehivavy io dia nanana fangorahana betsaka kokoa ho an'io zazakely io, reny iray ho an'ny zazakely iray noho ny nananako ho an'ilay zazakely. Hitanareo? Ary ny reny satria . . . Hitanareo?

<sup>46</sup> “Afaka manao fahagagana ve isika rehetra?” Eny. Rehefa tarihin'ny Fanahy Masina hanao fahagagana ianareo, dia mandehana ataovy izany, satria ny Fanahy Masina no mitarika.

<sup>47</sup> Ankehitriny, raha tsy nanatanteraka an'izay notenenin'Andriamanitra taminy io vehivavy io, dia angamba ho nisy fananarana iray ho azy tao amin'ny Fanahy (hitanareo?), ary tsy ho nankatò an'Andriamanitra izy. Isan'andro, raha Kristiana ianareo ka misy zavatra mandresy lahatra anareo hanao zavatra, dia mandehana ataovy izany. Mandehana ataovy izany; aza misalasala; mandehana ataovy izany.

“Te-hametraka fanontaniana aho. Ny . . . ?” Ity misy iray hafa amin'izy ireo, na izaho no diso . . . Hia, izaho . . . Iray ho an'ny aninkeo maraina ity. “Vehivavy manao akanjo mandry, fitafian-dehilahy ve izany?” Tsy maintsy nifangaro ilay izy tato amin'ireto hafa ireto.

“Rahalahy Branham, Andriamanitra ve no nanao an'ilay zavatra . . . Andriamanitra ve . . . izaho ve no nanao an'ilay zavatra izay niseho rehefa ilay horonam-peo . . . ?” Oh, eny, nanana an'ity isika aninkeo maraina. Tsy maintsy nafangaroko ny sasany tamin'izy ireo. Tokony norovitiko izy ireo, saingy halako ny manao an'izany.

**380. Rahalahy Branham, iza no hameno ny tany ivelan'ilay Tanàna any An-danitra?**

**381. Azavao ny mikasika ny anjelin'ny olona tsirairay izay mitoetra miaraka amin'izy ireo manomboka amin'ny**

**fahaterahana ka hatramin'ny fahafatesana.** Fanontaniana tena tsara.

<sup>48</sup> Halako ny hamela an'ireto; fanontaniana tsara izy ireo. Ary tiako ny—ny zanako hahafantatra an'ireto zavatra ireto. Hitanareo? “Ankehitriny, iza no hameno ny tany ivelan'ilay Tanàna?” Any ivelany, dia ny navotana no hameno ny tany, any ivelan'ilay Tanàna, fa tsy ho ny Ampakarina voafidy sy nantsoina izy ireo. Hipetraka ao anatin'ny Fanjakana miaraka amin'ny Mpanjaka ny Ampakarina. Ny any ivelany dia hisy an'ireo mpanjakan'ny tany izay hiasa mafy sy hitondra ny fisasarany, hitondra ny...tsy fisasarana, fa hitondra an'ireo vokany ao an-Tanàna. Ary tsy hihidy ireo varavarana amin'ny alina.

<sup>49</sup> Ankehitriny, eo...Ankehitriny, io Hazavana eo antampon'ny tendrombohitra io dia tsy hanazava an'izao tontolo rehetra izao, hanazava ny Tanàna fotsiny Izany. Saingy afaka ho hita any amin'ny halavirana an'arivony maily Izany angamba; fa tsy hanazava ny tany Izany, satria ny Baiboly no nilaza, ao amin'ilay Tontolo Vaovao, fa avy amin'ny Sabata iray mankany amin'ny iray hafa ary avy amin'ny iray—avy amin'ny voalohambolana iray mankany amin'ny iray hafa (hitanareo?) dia hiakatra eo anatrehan'ny Tompo any Ziona ny olona, hiakatra any amin'ilay Tanàna mba hanompo.

<sup>50</sup> Ary ankehitriny, ho any ivelan'ilay Tanàna izy ireo, fa tsy ny Ampakarina, fa ny olona izay hitsangana amin'ny fitsanganana faharoa no ho mpiasan'ny tany, tahaka an'i Adama mihitsy, sy ny sisa, ary mpikarakara ny saha. Fa ny Mpanjaka sy ny Mpanjakavavy dia hijanona ao anatin'ilay Tanàna.

<sup>51</sup> “Azavao ny mikasika ny anjelin'ny olona tsirairay izay mitoetra miaraka amin'izy ireo hatrany amin'ny fahaterahana.” Ankehitriny, raha mahamarika ianareo...Ankehitriny, tena lalina ity. Ankehitriny, izaho tsy mihitsy...Noraisiko fotsiny ilay izy. Ankehitriny, ny...Ny ampahany amin'ilay izy dia nosoratana tamin'ny milina ary ny iray hafa dia tamin'ny pensily—na penina.

<sup>52</sup> Ankehitriny, misy Anjely iray, fa io Anjelin'ny Tompo izay mitoby manodidina an'izay matahotra azy ireo io...izay matahotra Azy. Hitanareo? Ankehitriny, tsy nampanantenaina hoe ny mpanota dia manana Anjely, ny navotana irery ihany no manana Anjely. Efa fantatrarao ve izany? Ireo Anjelin'ny Tompo dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy.

<sup>53</sup> Ankehitriny, Anjely dia iraka. Tiako ianareo hanamarika fa tena tanteraka Izany, ary izany no hanaporofa aminareo ny fifidianana mialoha. Hitanareo?

<sup>54</sup> Ankehitriny, rehefa misy zaza kely iray miforona eo ambanin'ny fon'ny reny...Ary ianareo ankizy kely izay mahazo an'ireo zavatra ireo, hitanareo, ny Tompo no nanome anareo ho

an'i neny. Ary nitondra anareo tao ambanin'ny fony izy, satria akaikin'ny fony ianareo. Ary avy eo, indray andro dia nidina ny Tompo ka nanafaka anareo avy tao amin'ny fon'i neny, lavitry ny fony, fa ianareo dia ho ao am-pony isan'andro.

<sup>55</sup> Ankehitriny, raha mbola miforona io vatana kely io, vatana ara-boajanahary kely miforona ao anatin'ilay reny, dia misy vatana ara-panahy iray an'ny tany vonona handray an'io vatana ara-boajanahary io vantany vao teraka izy. Ankehitriny, ilay zazakely dia teraka miaraka amin'ny hozatra velona, fo mitempo, fa tsy misy fofon'aina ao anatiny. Hozatra mihendratrendratra izany. . . Hitanareo? Avy eo, hitanareo, raha nisy zavatra hafa noho izany, raha tsy nisy fanahy iray izay tsy maintsy niditra tao anatin'ny taty aoriana, amin'izay fotoana izay dia afaka niala tamintsika ny fofon'aintsika, ka tsy ho nisintona fofon'aina intsony isika nefa mbola velona foana. Fa rehefa tsy mahazo oxygène io vatana io avy amin'ny. . . na fofon'aina (mampiditra sy mamoka avy amin'ireo havokavokatsika), dia maty isika.

<sup>56</sup> Ankehitriny, fa rehefa ilay reny. . . Ilay zaza kely dia nalatsaka teto an-tany avy tao amin'ny fon'ilay reny. "Nalatsaka," azonareo izay lazaiko, ny fomba izay izaho. . . ny antony ilazako azy tahaka an'izany. Rehefa ilay zaza kely, no nalatsaka, dia inona no mitranga? Vantany vao mivoaka izy, raha tsy manomboka mitomany izy, ny dokotera, mpampiteraka, na inona na inona, dia hikapoka azy [Mitehaka ny tanany Rahalahy Branham—Mpand.], maninjitra azy. Tsy maintsy mahazo fanairana iray izy, ary inona no mitranga?

<sup>57</sup> Mariho, ny reny iray, dia mety ho tena ratsy fanahy sy lozabe tokoa izy, saingy alohan'ny hahateraka an'io zazakely io, dia misy hatsaram-panahy iray mipetraka ao anatiny. Efa mba nahamarika reny iray ve ianareo rehefa ho reny izy? Misy zavatra mamy mikasika azy; mitafy an'io hamamiana io foana izy. Izany dia satria io anjely kely io, fanahy kely, iraka kely iray ho amin'ity tabernakely kely ity dia vonona ny ho tonga eto amin'izao tontolo izao. Ary noho izany, rehefa miditra ao amin'ny vatana io anjely kely io (anjely kelin'ny tany izany, fanahy iray izay voatendrin'Andriamanitra haka an'io vatana io), dia tsy maintsy manana safidy iray io zazakely io. Mandray ny fanapahan-keviny izy. Avy eo rehefa miseho izany, amin'izay fotoana izay, hitanareo, dia miditra ato ankehitriny ilay Anjelin'ny Tompo, izay vatana ara-panahy iray, izay Mandrakizay.

<sup>58</sup> Izany dia fanahy iray eo am-pahafatesana ao amin'ny vatana iray eo am-pahafatesana; fa ankehitriny, tsy afaka ho ao anatin'ny vatana roa amin'ny fotoana iray ianareo, saingy mety hisy natiora roa ao anatinareo amin'ny fotoana iray. Ankehitriny, ny natioran'ny Fanahin'ny Tompo. . . Rehefa nateraka indray ianareo, dia tsy nateraky ny ara-batana, tahaka

ny zazakely; fa ny nitranga, dia ilay fahaterahana ara-panahy no tonga eo aminareo. Ary raha mitombo ao am-ponareo io fahaterahana ara-panahy io, avy amin'Andriamanitra, dia misy vatana ara-batana iray na vatan-danitra iray mitombo mba handray an'io fanahy io. Ary rehefa miala amin'ity vatana ity ny aina, dia mankany amin'io vatana io izany. Tahaka ny nanehoana an'io vatana io teto an-tany mihitsy, no idiran'ny fanahy, ary raha mivoaka amin'ny vatana ny fanahy, dia misy vatana iray miandry. “Fa fantatsika fa rehefa levona ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray efa miandry isika.” Hitanareo? Izay ilay izy, ny vatana ara-panahin'ny olona.

### **Rahalahy Branham . . .**

Ankehitriny, ireo dia tsy maintsy ho . . . Misy vondrona iray amin'izy ireo eto, toa folo na dimy ambin'ny folo farafahakeliny. Voasoratra eo amin'ny taratasy daholo izany, karazana taratasy iray ihany, voasoratra tamin'ny milina, sy ny sisa. Hiezaka aho ny hahazo azy ireo haingana arak'izay azo atao. Afaka mivoaka isika amin'ny . . . haingana araka izay vita.

**382. Rahalahy malala, tsy ho nanaiky nivavahan'i Jaona ve Jesosy ao amin'ny Apokalypsy rehefa lavo izy mba . . . Nahoana no tsy nandray ny fivavahan'i Jaona Jesosy ao amin'ny Apokalypsy nefa Izy—nefa Izy namela hivavaka teo anatrehan'ny? Nahoana Jesosy no tsy nandray ny fanompoana rehefa te-hanompo Azy i Jaona?**

<sup>59</sup> Ry rahalahy na anabavy malalako, na iza na iza izany, tsy Jesosy no tsy nandray ny fivavahana. Ao amin'ny Apokalypsy 22:8, dia hamaky ianareo fa ilay mpaminany, anjely, no tsy nety nandray ny fivavahana. Rehefa niankohoka hivavaka tamin'ilay anjely izay naneho taminy an'ireo zavatra ireo i Jaona, dia hoy izy hoe, “Tandrema sao manao an'izao ianao, fa anisan'ny rahalahy namanao aho. Iray amin'ireo mpaminany aho.” Hitanareo, hitanareo? “Rahalahy namanao aho, mpanompo namanao, iray amin'ny mpaminany; Andriamanitra no ivavaho.” Tsy Jesosy no tsy nanaiky an'izany, fa ilay mpaminany no tsy nanaiky an'izany.

**383. Rahalahy Branham malala, inona ilay fahasamihafana rehefa nitsoka fofon'aina teo amin'ireo mpianatra Jesosy ka nanao hoe, “Raiso ny Fanahy Masina,” sy rehefa izy ireo—rehefa tsy maintsy niakatra tao amin'ny efitra ambony izy ireo mba hiandry?**

<sup>60</sup> Teny fikasana iray izay Nomeny azy ireo izany, nitsoka ny Fampanantenany teo amin'izy ireo, nanao hoe, “Raiso ny Fanahy Masina.” Teny fikasana iray izany. Nankao amin'ny efitra ambony izy ireo mba hiandry an'ilay teny fikasana ho tanteraka.



<sup>61</sup> Ilay zavatra iray ihany izany rehefa mametra-tànana eo aminareo izahay mba ho sitrana, avy eo dia manohy eo amin'ny asanareo ianareo miandry ny fahatanterahan'ilay teny fikasana.

**384. Rahalahy Branham, nanova saron-tava ara-batana imbetsaka ve Jesosy rehefa niseho tamin'ireo mpianatra taorian'ny Fitsanganany?**

<sup>62</sup> “Nanova ny Saron-tavany ara-batana ve Izy?” Izaho—tsy ho fantatro, satria heveriko fa ilay izy dia, tsy nanova ny Saron-tavany Izy teo. Ny zavatra Nataony, dia Nosakanany ny fahitan'izy ireo na ny fahafantaran'izy ireo Azy.

<sup>63</sup> Tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy, nandeha niaraka Taminy nandritra ny andro manontolo izy ireo ary nosakanana ho azy ireo izany. Ary nahita lehilahy iray teo amin'ny morona izy ireo indray mandeha nanjono teo amin'izay nanjonoan'izy ireo; hoy Izy hoe, “Rankizy, nahazo zavatra ve ianareo?”

Dia hoy izy ireo hoe, “Tsy nahazo na inona na inona izahay, niasa mafy ny alina manontolo.”

Hoy Izy hoe, “Atsipazo eo amin'ilay ilany hafa.” Dia nahazo andian-trondro iray manontolo izy, ka fantatr'izy ireo tamin'izay fotoana izay fa ny Tompo izany. Heveriko fa tsy ny Saron-tavany no novaina, heveriko fa ny mason'ny olona fotsiny no nosakanana.

**385. Rahalahy Branham, inona no fahasamihafana, raha—raha misy, eo amin'ny Anjelin'ny Tompo sy ny Tompo, Izy tenany?**

<sup>64</sup> Ny anjelin'ny Tompo dia iraka iray avy amin'ny Tompo, ary ny Tompo Izy tenany dia io Olona io, fa tsy ny tenan'ilay anjely, ilay anjely avy amin'ny Tompo. Mamelà ahy haneho aminareo. Amin'ny resaka eto an-tany dia ity ny anjely iray avy amin'ny Tompo. Amin'ny resaka eto an-tany dia ity ny anjely iray avy amin'ny Tompo. Amin'ny resaka eto an-tany eto dia ity ny anjely avy amin'ny Tompo. Ahoana àry no ahafantarantsika fa anjely avy amin'ny Tompo izy ireo? Rehefa mitondra ny Tenin'ny Tompo izy ireo. Fa rehefa miezaka hamadika an'Izany izy ireo, dia tsy avy amin'ny Tompo izany, hitanareo, hitanareo, miezaka hanao an'Izany ho zavatra izay tsy Lazainy. Lazao fotsiny izay rehetra. . .

<sup>65</sup> Avy eo dia misy Anjely iray ivelan'ny voajanahary avy amin'ny Tompo, Iraka tahaka an'i Gabriela, sy—sy Mikaela, Zava-mangidy, sy ny sisa, ny anaran'izy ireo.

**386. Rahalahy Branham, inona no toa tsy mety amin'ny andro izay iainantsika, amin'ny maha-mpino iray ary manaraka ny Hafatra sy ny irak'izao andro izao, nefa ianao toa tsy afaka mivavaka tahaka an'izay tianao hivavahana? Fanontaniana tsara iray izany.**

<sup>66</sup> Mino aho rahalahy, ranabavy, na iza no nanontany an'izany, izany dia nohon'ny toetry ny fotoana. Tapitra ny fifohazana. Naharitra dimy ambin'ny folo taona teo ny fifohazana, ary tsy naharitra teo amin'ny telo taona mihitsy tany aloha. Mino aho fa nahazo ny fifohazany farany izy. Ary mino aho fa izany no antony tsy ahafahanareo mivavaka sy mahatsapa ao amin'ny Fanahy tahaka anareo taloha. Satria efa maty ireo afon'ny fifohazana.

**387. Rahalahy Branham, azavao azafady hoe ahoana no ahafantaran'ny olona iray raha mieritreritra ny eritreriny manokana izy, na raha ny devoly no mametraka eritreritra ao an-tsainy mba hahatonga azy hieritreritra ratsy, indrindra, raha fantatrao fa tsy tena te-hieritreritra azy ireo ianao.**

<sup>67</sup> Noho izany, raha mifanohitra amin'ny Teny ilay izy, dia ny fisainan'ny devoly izany. Raha miaraka amin'ny Teny ilay izy, dia fisainan'Andriamanitra izany. Raha eritreritra ratsy ilay izy, dia ny devoly izany. Raha eritreritra tsara ny amin'ny Teny sy ny amin'Andriamanitra ilay izy, dia fisainan'Andriamanitra izany.

**388. Raha toa ka ny devoly no mametraka eritreritra ao an-tsainao mikasika ny zavatra anankiray, dia ahoana no mety handresena na hanalana azy?**

<sup>68</sup> Raiso ny tena mifamadika amin'izany. Raha ny devoly no manao anao hieritreritra fa—fa—fa ianao dia . . . Raha fantatrao fa Kristiana ianao, ary miezaka izy hanao anao hieritreritra fa tsy Kristiana ianao, dia raiso fotsiny ilay mifamadika, manaova hoe, “Kristiana aho.” Raha mbola mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra foana ny fahatsapanao dia manaova hoe, “Kristiana aho.” Ny zavatra hafa rehetra, dia tahaka an'izany ihany.

**Rehefa mamaly an'ity ianao, dia azafady mivavaha ho ahy mba handresena an'izany, satria tsy mahavita samirery aho.**

<sup>69</sup> Andriamanitra anie hanaiky ny fandresena, na iza ianao na iza. Enga anie hiverina avy hatrany any amin'ilay ilany hafa fotsiny ireo eritreritrao ka manaova hoe, “Kristiana aho; mpino aho. Satana, tsy manana fihazonana ahy ianao.”

<sup>70</sup> Am-pahatsorana, dia mijoro eto aho ankehitriny milaza an'ilay zavatra iray ihany, mitandrina mba tsy ho torana eto amin'ny polipitra mihitsy. Marina izany. In-efatra na indimy aho no saika nilofika teo amin'ny polipitra. Izany no fahamarinana. Andriamanitra no mahafantatra fa marina izany.

**389. Rehefa mahalala ny olona fa manana henatra nohon'ny fahambaniana izy, na karazana henatra, dia ahoana no mety handreseny an'izany? Noho izany, raha izy no zanaka tokana tamin'ny fahazazany dia ho izany ve no nahatonga an'io?**

<sup>71</sup> Raiso marina tokoa ilay mifanohitra. Raha tia ny fanaonao foana ianao, ary io ankizy kely iray izay te-hanana ny zavatra rehetra amin'ny fanaonao io, dia mihodina avy hatrany ka omeo an'ilay fanao hafa ny zavatra rehetra izay anananao. Raha tia tena ianao ary te-hihazona ny zavatra rehetra, amin'izay fotoana izay dia manomboha mamoy an'izay anananao. Hitanareo? Ataovy na inona na inona . . . Mandehana any amin'ilay mifamadika fotsiny. Izany no fomba handresena ny zavatra rehetra, dia fanefitra iray.

<sup>72</sup> Ianareo dia . . . Ny reniko antitra, tatsimo dia nilaza taloha hoe, “Ny volo esorina amin'ny lamosin'ny alika dia tsara ho an'ny kaikitra.” Ary ampiharina amin'izany koa io.

**390. Rahalahy Branham, inona no zava-bitra tokony amelantsika an'ireo zanatsika tsy mbola adolantsento handray anjara? (Mamelà ahy, ilay izy dia . . .) Hetsika inona no tokony heverin'ireo zanatsika tsy mbola adolantsento mialoha, andraisana anjara. Iza koa, ahoana no tokony hataontsika hanampiana azy ireo hifantina an'ireo mpiara-miasa aminy?**

<sup>73</sup> Tazòny ao amin'ny namana Kristiana izy ireo raha mbola azonareo atao foana. Tazòny izy ireo hiaraka . . . Raha zazavavy ilay izy, dia tazòny hiaraka amin'ireo zazavavy Kristiana izy; zazalahy Kristiana, mifamadika. Raha efa tena lehibe izy mba handeha hiaraka amin'ny zazalahy iray, dia jereo mba hanohizany miaraka amin'ilay karazana zazalahy tsara. Raha tsy izany dia akivio izy tsy hiaraka amin'ny zazalahy rehetra, na ny zazalahy amin'ny zazavavy iray. Raha miaraka amin'ny tsy mpino iray izy, dia miezaha mamporisika azy hiaraka amin'ny mpino iray, ary ny mifamadika. Ataovy mahafinaritra ny tokantranonareo. Ny tokantranonareo ataovy ho toerana iray izay tsy hahamenatra ny zanakareo vavy na ny zanakareo lahy ny hitondra ny namany eo anatrehan'ny rainy sy ny reniny, ary ao an-tranony; ary ataovy tena sambatra ny tokantranonareo ka hahafaly azy ireo ny hijanona ao an-tranony.

Oooo, oadray, fito misesy ankehitriny. Tsy haka afa-tsy minitra vitsy amboniny intsony aho.

**391. Rahalahy Branham, efa nanao fanambarana ve ianao vao tsy ela mikasika ny hoe efa nifarana ny taom-piangonana, Laodikia?**

<sup>74</sup> Tsia, tsy nilaza mihitsy aho hoe efa nifarana izany. Raha nilaza aho, dia ianao no tsy nahazo tsara, na diso ny nilazako azy. Izany dia . . . Ity no taom-piangonana farany; izany no fiafaran'ireo taom-piangonana, ny Laodikia. Tsy nifarana izy; rehefa mifarana izy, dia lasa ilay Fiangonana. Noho izany raha mbola eto foana ilay Fiangonana, dia tsy nifarana izy. Hitanareo?

**392. Nifarana ny taom-piangonana sy efa maizina, antsoina ny Ampakarina, efa miditra ao amin'ny vanim-potoan'ny fahoriambe ve isika?**

<sup>75</sup> Tsia, tsia, tsia, ianao dia . . . Naniry aho ny ahafahako hanana fotoana bebe kokoa eo amin'izany. Hitanareo, hitanareo? Ny Ampakarina, rehefa nesorina avy tao amin'ny fiangonana Izy, amin'izay fotoana izay vao hitsahatra ny taom-piangonana. Miditra ao anatin'ny korontana i Laodikia; mankany amin'ny Voninahitra ny Ampakarina; ary tonga eo amin'ny virijiny natory mandritry ny telo taona sy tapany ny vanim-potoan'ny fahoriambe raha mbola mahazo ny faminiany i Isiraely; avy eo dia tonga amin'ny Isiraely ny fahoriambe; ary avy eo dia tonga ny adin'ny Hara-magedona izay mandrava ny zava-drehetra. Ary avy eo, dia miverina miaraka amin'ny Mpampakatra ny Ampakarina mandritry ny arivo taona, ny fanjakana Arivo taona; aorian'izany dia tonga ny Fitsaran'ny Seza fiandrianana Fotsy; aorian'izany dia tonga ny Lanitra Vaovao sy ny Tany Vaovao ary ilay Tanàna Vaovao izay midina avy amin'Andriamanitra any An-danitra. Mifangaro miaraka ny Mandrakizay sy ny fotoana.

**393. Efa niteny taminao ny Fanahy Masina fa tsy misy idiran'ireo Trompetra amin'ny Ampakarina. Misy zavatra idiran'ireo Lovia Fito amintsika mihitsy ve?**

<sup>76</sup> Hiandry aho ary hijery raha manambara azy amin'izany fomba izany ny Fanahy Masina. Mbola tsy mahafantatra aho.

**394. Ny mpaminanin'ny Malakia 4 ve no ho ilay anankiray izay hiantso an'ilay sisa nanamborana Jentilisa an'ny Apokalypsy 7:9, na dia mandalo ny vanim-potoan'ny fahoriambe aza izy ireo?**

<sup>77</sup> Tsia, tsia! Aorian'ny—ny Apokalypsy 7, dia izay nahitany an'ireo efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy voaisy tombokase, ary taorian'izany dia hitany tonga, niverina io isa marobe izay tsy misy olona afaka manisa an'io dia ny Ampakarina. Izany dia hanana . . . Ny . . . Ho tapitra ny Malakia 4 ary akarina ny Ampakarina, ary ny . . . avy eo ny . . . ity vondron'i—an'i Elia sy Elisa ity dia miverina eto an-tany ho . . . Ny fiangonana dia handalo ny vanim-potoan'ny fahoriambe, fa i Elia sy Elisa dia tsy hanana na inona na inona hatao amin'ilay virijiny matory (Jentilisa izy ireo); halefa any amin'ireo Jiosy irery ihany izy ireo.

**395. Efa voambara ve ireo Kotrokorana Fito izay mitovy amin'ireo zava-miafina fito? Efa voambara tao amin'ireo Tombokase Fito ve izy ireo, nefa mbola—nefa tsy mbola nampahafantarina antsika ho efa ireo Kotrokorana?**

<sup>78</sup> Tsia, efa voambara tao amin'ireo Tombokase Fito izy ireo; izany ny mikasika an'ireo Kotrokorana. Izy ireo no tokony hanambara . . . Ireo Kotrokorana Fito izay nampandre ny feony

ka tsy nisy olona afaka nahazo hoe inona izany. . . Jaona dia nahafantatra hoe inona izany, saingy noraràna tsy hanoratra an'izany izy. Hoy izy hoe, “Fa ny anjely fahafito, amin'ny andro hitsofany, dia ho voambara ireo zava-miafina fito amin'ireo Kotrokorana Fito.” Ary ny anjely fahafito dia iraka iray an'ny Taom-Piangonana Fahafito. Hitanareo?

**396. Mino ve ianao fa indray andro any ilay Ampakarina kely velona dia hiara-hiangona any ho any ary hanana ny zavatra rehetra iombonana, tahaka ny nataon'ilay Ampakarina voalohany, angamba alohan'ny fihavian'ny Tompo Jesusy ao anaty rahona mihitsy?**

<sup>79</sup> Ankehitriny, nanontany ahy izy ireo hoe nino an'izany ve aho. Tsy afaka manaporofa an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho, fa angamba ho avy ny fotoana iray, angamba, tsy fantatro. Mety misy fotsiny. . . Hitanareo? Raha hisy izany, dia izany no hanome fanondroana fa antomotra ny Fahakaikezy, satria izany. . . Hoy Izy hoe, “Fa ho avy tahaka ny mpangalatra amin'ny alina Izy.” Hitanareo? Tonga Izy ho. . . Tahaka an'ilay boky izay novakiako mikasika an'i Juliet. . . *Romeo and Juliet*, tonga Izy ary—ary maka Ny Ampakariny amin'ny alina. Nakarina tao anatin'ny fotoana iray Izy, tao anatin'ny indray mipi-maso. Hitanareo?

<sup>80</sup> Ary tena mampisalasala raha ho tahaka an'izany ilay izy, satria hoy ny Baiboly hoe, “Hisy roa eo am-pandriana; Horaisiko ny iray ary havelako ny iray; ary roa eny an-tsaha, ka Horaisiko ny iray ary havelako ny iray.” Hitanareo? Noho izany angamba izy ireo. . . Manerana an'izao tontolo izao, tsy hiangona amin'ny toerana iray izy ireo mba hanana zavatra iombonana. Fa vondrona kely amin'izy ireo no hiparitaka manerana ny tany rehetra.

<sup>81</sup> Mino aho, angamba raha avelan'ny Tompo, dia ity no vondrona kely iray an'Izany. Angamba vondrona kely iray hafa any Azia, iray any Alemaina, iray any an-kafa any ho any. Rehefa nahita fahitana iray ny amin'ny Ampakarina aho indray hariva, dia vita avy amin'ny iraisam-pirenena Izy ireo. Hitanareo? Noho izany ny Ampakarina dia tsy hangonina avy amin'ny toerana iray, Izy dia hangonina avy amin'izao tontolo rehetra izao. Ary mifanaraka marina tokoa amin'ny Teny izany, ary tsy mbola diso mihitsy ny Teny. Ary hatramin'ity fotoana ity, dia tsy mbola diso mihitsy koa ny fahitana, satria araka ny Teny izany.

**397. Hisy olona iray izay manana ny batisan'ny Fanahy Masina marina sy tena izy amin'izao ora izao ve tsy ho ao amin'ny Fampakarana ny Ampakarina? Hanazava ve ianao? Teneno aminay izay azonay atao hanampiana anao amin'ny fomba rehetra hanamaivana ny enta-mavesatra. Ankehitriny, tsy mamy ve izany? Hitanareo?**

<sup>82</sup> Tsia, tsy misy na inona na inona azonareo atao izao ankehitriny izao.

<sup>83</sup> Eny, ireo mpino tena izy izay vita batisa amin'ny Fanahy Masina dia ho ao amin'ny Ampakarina. Mazava ho azy, voafantina sy nantsoina hivoaka izy ireo. Ilay virijiny natory dia tsy nanana solika. Ireo izay nanana solika no niditra, fa ny . . .

<sup>84</sup> “Inona no azonay atao mba hanamaivana ny enta-mavesatra?” Eny, rahalahy, ranabavy, na iza no nanoratra an'ity, mivavaha ho ahy; izany no zavatra tsara indrindra hatao. Misaotra anao. Tsy mila vola aho. Izaho. . . Ampy izay tonga mba hikarakara ahy. Misaotra ny Tompo ny amin'izany. Tsy mila akanjo aho. Matetika ny olona no manome ahy ny akanjoko izay anaovako. Ary ireo sakaizako sy ny sisa no manome akanjo ahy. Ary izy ireo. . . Mahazo vola ampy hamelomana ny fianakaviako aho; izay ihany no ilainay. Ilay izy toa. . . Ary afaka mivavaka ho ahy ianareo na izany aza, satria mila fanampiana ara-panahy tokoa aho.

**398. Ilay izy dia toy ny hoe eo anivon'ireo mpitoriteny ny Teny, no ananantsika kely na tsy misy enta-mavesatra mba hivavahana, hitoriana, hifadiana hanina, na ho an'ireo fanahy very izay mety mbola misy any ho any eto amin'izao tontolo izao. Hiteny aminay ve ianao azafady hoe inona no hatao mikasika an'io toe-javatra io? Misaotra betsaka, Rahalahy Branham, ho an'ity.** Tsy maintsy ho mpitoriteny iray ity. Tsy nanao sonia anarana iray izy ho an'ireto teny ireto.

<sup>85</sup> Rahalahy. . . Tsy maintsy namaly azy ireo aho nefa reraka, trotraka, ary karazan'ny, fantatrareo, tsy mahatsapa ho tsara loatra, noho izany aho—matoky aho fa mamaly an'ireo fanontaniana izany. Izaho—misaotra anao betsaka aho ary izaho—adinoko hoe inona no saika havaliko azy.

<sup>86</sup> Mpitory teny, mpitoriteny iray, nahoana isika no manana an'ireo enta-mavesatra. . . tsy manana enta-mavesatra ho an'ireo fanahy very. Mino aho fa izany dia—ny tsy fahampian'ny fifohazana izany. Mino aho fa tokony mbola hiezaka hivavaka amin'Andriamanitra foana isika mba hanome antsika zotom-po ho an'ireo fanahy very mandra-pihavian'i Jesosy.

**399. Rahalahy Branham, mino ve ianao fa ny tsirairay avy izay manana ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra? (Tsia.) Fantatro fa ianao dia milaza fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra—ny fitenenana amin'ny teny tsy fantatra dia tsy natao ho porofon'ny Fanahy Masina. Izaho dia. . . Korintiana Voalohany 12:30, azavao azafady.** Hitady ny Korintiana Voalohany 12:30 ve ianao? Heveriko fa, “Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve ny rehetra?” sy ny sisa; tsy azoko antoka. Hiezaka aho haka anankiray hafa raha mbola mamaly an'izany izy ireo.

#### 400. Rahalahy Branham, hanazava ny Joba 14:21 ve ianao?

<sup>87</sup> Eny. Ny Joba 14 dia, “Raha maty ny olona, dia ho velona indray ve izy?” Oh, raha maty ny olona... Joba, miresaka ny amin’ny fitsanganana. Heveriko fa nanana an’izany aho indray maraina, sa tsy izany? Na tany an-tranon’i Charlie ve izany? Teo Rtoa. Cox tany ho any. Joba, nahita an’ireo voninkazo izy hoe ahoana fa maty izy ireo ary velona indray, nefa izy nankao anatin’ny tany fa tsy afaka niverina. Ary avy eo dia nohazavaina taminy fa nanota ny zavatra iray. Nila mpanelanelana iray teo aminy sy Andriamanitra izy, ary avy eo dia nahita ny fihavian’ny Tompo izy.

<sup>88</sup> Inona ilay izy, rahalahy? [Miresaka amin’ny rahalahy iray Rahalahy Branham—Mpand.] Heveriko fa izany dia ny Korintiana Voalohany 12:30. Hia!

“Miteny amin’ny fiteny tsy fantatra ve ny rehetra?” Izany no noheveriko fa izy, saingy tsy azoko antoka, satria reraka tahaka an’izao, fa... Tsia! Tsy ny rehetra no miteny amin’ny fiteny tsy fantatra; tsy ny rehetra no mandika; tsy ny rehetra no milaza an’izany. Ary avy eo ilay tena toko manaraka mihitsy hoe, “Na dia miteny amin’ny fiteny tsy fantatra sy olona ary anjely aza aho nefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho.” Hitanareo? Paoly, amin’ny teny hafa, no niteny tamin’izy ireo hoe, “Miteny amin’ny fiteny tsy fantatra ve ny rehetra? Izany tokoa, tsy miteny izy ireo. Maminany ve ny rehetra? Tsia. Fa maniria fatratra an’ireo fanomezam-pahasoavana tsara indrindra; kanefa ny lâlana tsara indrindra no mbola asehoko anareo.” Hitanareo? Tsy miteny amin’ny fiteny tsy fantatra ny rehetra.

**Hanana fotoan’ny famantarana iray hafa ve ianao alohan’ny handehananao? Raha tsy izany, dia azo atao ve ny hahazoana fifampiresahana manokana iray?**

Matoky aho fa efa nanana ianao. Ankehitriny, tsy manana betsaka loatra intsony aho. Mamelà ahy hanandrana haka azy ireo fotsiny raha azoko atao.

**401. Tsaroako aho nandre anao niteny fa nahita fahitana mahonena an’ny anjely iray...an’ny voromahery iray nanakopaka ny elany tao anaty tranom-borona iray, mitolona mba ho afaka. Manana reny sarobidy iray amin’izany toerana izany aho. Tsy navela hanana an’ireo zanany telo manambady ho tonga ao an-trano izy nandritra ny telo taona, satria tsy te-hanaiky ny foto-pampianaran’ny dadany izy ireo. Mpitory teny iray aranaram-piangonana izy. Te-handre an’ity Hafatry ny andro farany ity i neny, ary izaho tsy afaka mandefa taratasy iray mankany aminy akory. Hatraiza no tokony hanekeny? Misy zavatra azoko atao ve ankoatry ny mivavaka?**

<sup>89</sup> Izany no zavatra tokana fantatro. Ny vadiny, satria mpitoriteny iray, dia tsy hamela azy handre ny Teny. Te-handre an'Izany izy, saingy tsy havelany handre an'Izany, ka mivavaha ho azy fotsiny. Mino aho fa ilay vehivavy dia—dia voavonjy, mazava ho azy.

**402. Rahalahy Branham, mety ho very sy hiafara any amin'ny helo ve ny olona iray raha mandà ny Hazavan'ny Teny izy, na dia manana fahatsapana iray tena izy an'ny fanamarinana sy ny fanamasinana aza izy?**

<sup>90</sup> Eny, tompoko! Marina tokoa izany.

**403. Rehefa mampiasa ny teny ianao hoe raha tsy mino ny Teny isika, dia ho tafasaraka mandrakizay amin'i Kristy, ny tianao ho lazaina ve dia ho velona mandrakizay ny virijiny adala, nefa ho tafasaraka amin'i Jerosalema Vaovao izay honenan'i Kristy miaraka amin'ny Ampakarina izy ireo? Eto dia ireo izay tsy manana ny Fanahy Masina, nateraka indray araka ny lazain'ny Soratra ny amin'ny hoe nateraka indray. Raha mitaky rano, rà, ary fanahy ny fahaterahana ara-boajanahary, dia tsy mitaky an'ireo dingana telo rehetra an'ny fahasoavana ve ny fahaterahana ara-panahy alohan'ny tena ahaterahan'ilay olona indray?**

<sup>91</sup> Tanteraka tokoa, vao avy nanazava an'izany aho aninkeo maraina, mitovy, teo amin'ilay zavatra iray ihany. Tsy maintsy manana an'ireo dingana rehetra ianareo. Nateraky ny Fanahy ianareo, tahaka ny zazakely iray nateraka mihitsy, ary ao ankibon'ny reny iray, nefa tsy teraka raha tsy efa nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Marina izany. Teraka ianareo avy eo. Tsy niova fo ianareo, ao amin'ny dingana hiova fo ianareo alohan'io fotoana io.

<sup>92</sup> Izany no antony hoe tsy azo nomena an'i Luther ireo zavamiaina lehibe rehetra ireo, tsy azo nomena an'i Wesley, tsy azo nomena ny taona izay vao avy nandalo antsika, ny taona Pentekotista. Nahoana? Tsy izany no fotoana. Nateraka izy ireo. Ankehitriny, ny Tenan'i Kristy, Izy tenany, ny Zanak'olona (azonareo ve?) naneho ny Tenany tao amin'ny nofon'olombelona, tsy afaka ho tonga izany raha tsy ankehitriny.

**404. Rehefa manomboka ny Arivo taona, ahoana no hanesorana an'ireo tsi-mpino amin'ny tany?**

<sup>93</sup> Ireo tsi-mpino dia hiditra ao amin'ny vanim-potoan'ny fahoriambe miaraka amin'ny virijiny natory, ary ireo hafa rehetra ireo (tsi-mpino, sy virijiny natory), ary ny sisa nanamborana amin'ny Isiraely izay tsy maintsy ho esorina.

**405. Rahalahy Branham, rehefa ny sasany amin'ny... misy olona manorisory ahy na “manitsaka ny rantsan-tongotro (Mety ho anankiray tsara ity.)—manitsaka ny rantsan-tongotro,” araka ny fiteny fahiny, dia miakatra ny fahatezerako; ahoana no ahafahako mandresy an'io zavatra**



**io? Fantatro fa ny Tompo no tsy maintsy hanao an'izany, saingy inona no azoko atao ao am-poko? Tsy tiako io zavatra io.**

<sup>94</sup> Amoray amin'ny vavaka ny fahatezeranao, avy eo dia manapaha hevitra. Eo...Tsy mihevitra aho fa misy olona betsaka loatra ato amin'ity tranobe ity izay mba nanana fahatezerana noho ny nananako eo am-piandohana. Oh, izaho—nanana vava iray voatorotoro foana aho. Ary izaho—izaho—naka betsaka tamin'ny sakafoko niaraka tamin'ny mololo aho.

<sup>95</sup> Ny reniko, araka ny fantatrareo, dia Indiana tapany, ary ny raiko dia Irlandais, Irlandais an'i Kentucky tamin'izany. Ary ny tsirairay avy tamin'ny...Samy nanana ny fahatezerany izy ireo ampy hiadiana amin'ny sofa mihodina. Ary voatorotoro foana ny vavako; kely aho eo am-piandohana. Ary nanarina ahy fotsiny izy ireo dia nanjera ahy. Ary nitsangana indray aho; ary nazeran'izy ireo indray aho mandra-pahatonga ahy ho tena afaka...tsy afaka mitsangana intsony. Isan'andro izany. Ary rehefa afaka nitsangana aho, dia nitsangana indray; nazeran'izy ireo indray aho. Koa izany no fomba nahazoako an'ilay izy.

<sup>96</sup> Nieritreritra aho hoe, “Tsy mety ho lasa Kristiana mihitsy aho.” Fa rehefa niditra tao amin'ny fiainako ny Fanahy Masina, dia vita izany. Tsy misy intsony. . .

<sup>97</sup> Nanana vehivavy iray aho indray mandeha; mandeha aho mba hanapaka an'ireo jiro. Ary tamin'izany andro izany dia nanana volo aho teo an-tampon'ny lohako. Hoy izy hoe, “Ianao ry adala kely, misavorita-doha!”

Noteneniko taminy, hoy aho hoe, “Ravehivavy, tsy tokony hanozona tahaka an'izany ianao. Oh, tsy matahotra an'Andriamanitra ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Ianao ry adala kely, misavorita-doha, raha nila olona iray aho hiresaka amiko mikasika zavatra tahaka an'izany, dia tsy haka mpanao hatsikana tapany iray tahaka anao aho.”

“Hoo!” Avy eo dia nantsoiny tamin'ny *homp*a iray aho, anarana *homp*a. Oh oadray, raha herintaona tany aloha izany! Hoy foana aho hoe, “Ny lehilahy izay mikapoka vehivavy iray dia tsy lehilahy ampy hipapoka lehilahy iray,” fa izaho—mety nandika an'izany aho tamin'izany fotoana izany raha niantso ny reniko tamin'ny anarana ratsy tahaka an'izany. Fa mba fantatrareo moa? Tsy nanahiran-tsaina ahy mihitsy akory aza izany. Hoy aho hoe, “Hivavaka ho anao aho.” Tsy nanelingelina mihitsy. . . Fantatro teo no ho eo fa nisy zavatra nitranga tamiko. Eny, tompoko! Oh, oadray!

<sup>98</sup> Fantatrareo ny ratsy nataoko fony aho mbola kely, miady! Saiky namono lehilahy dimy tamin'ny fotoana iray. Naka basy iray feno bala enina ambin'ny folo, ary rehefa nikapoka ahy ireo zazalahy ireo satria Kentuckiana iray aho, tsy nisy antony hafa. . . Tsy afaka nihazona ny lohako hitraka akory aza aho. Ny

iray nihazona ahy tamin'ny tãnana tahaka an'izao, ary ny iray hafa nitsangana teo niaraka tamin'ny vato iray teny an-tãnany ary nikapoka ahy teo amin'ny tarehy, mandra-pahatonga ahy tsy hisy aina mihitsy. Tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao. . .

<sup>99</sup> Izy ireo dia niantso ahy hoe “voloinan'i Kentucky,” satria ny reniko, fony izy tanora, azo antoka fa nitovy tamin'ny Indiana iray izy (nijery ny sariny aho vao teo), ary fantatr'izy ireo fa Indiana tapany izy. Ary satria Kentucky aho ary izy voloina iray, dia niantso ahy izy ireo hoe “voloina, voloinan'i Kentucky.” Ary tsy nisy nidirako tamin'izany mihitsy; tsy afa-nanoatra aho satria teraka tany Kentucky.

<sup>100</sup> Nandeha tany an-tsekoly aho, ary tsy nanana akanjo nanaovana, ary nihantona teo amin'ny tendako ny voloko. Ary Papa. . . Nalain'i Mama ny akanjon'i Papa izay nanaovany tamin'ny fanambadiany, ary notapahiny ka nanamboarany pataloha iray ho ahy hanaovana any an-tsekoly tamin'ny fotoako voalohany. Ary izaho. . . Ary nampanaoviny ban-kiraro fotsy aho sy kiraro tenisy iray. Ary hoy izy ireo hoe, “Raha tsy mitovy amin'ny Kentuckiana ‘misaringom-borodamba’ ianao.” Ary—ary ny rehetra. . . ary izany. . . ary avy eo, izany dia nitohy nandritry ny rehetra—andron-tsekoliko rehetra.

<sup>101</sup> Ary zazalahy vitsivitsy, satria nandeha teny an-dàlana niaraka tamin'ny zazavavy kely iray aho ary nitondra ny bokiny. . . Tsy tian'izy ireo ny hanaovako an'izany, ary nifanena tamiko izy ireo tany ka nikapoka ahy mandra-pahatonga ahy tsy nahatsiaro tena fotsiny. Niteny tamin'izy ireo aho, fa raha hamela ahy handeha fotsiny izy ireo, dia mampanantena aho fa handeha hody avy hatrany. Noho izany dia nalain'izy ireo. . . namela ahy handeha, nandaka ahy in-efatra na indimy, nanjera ahy, ary nikiky ny tarehiko rehetra. Dia nandeha nody aho, tahaka an'izao, nitety an'ilay sahan'anjavidy fanao kifafa.

<sup>102</sup> Nanana basy Winchester .22 kely aho nipetraka teo ambonin'ny varavarana. Natsotrako ny tãnako ka nalaiko io basy feno bala io, nandeha avy hatrany namakivaky an'ilay kirihitrana, ary niafina teo akaikin'ny sisin-dàlana mandra-pandalon'ireo zazalahy dimy na enina ireo. Niandry fotsiny mandra-pahatongan'izy ireo, ary rehefa tonga teo izy ireo, niresaka, nanao hoe, “Ho fantatr'ilay Kentuckiana izay misy azy manomboka izao,” nanohy tahaka an'izany.

<sup>103</sup> Nitsangana aho niaraka tamin'ny fandõnana voasintona nankany aoriana teo amin'ny basy. Hoy aho hoe, “Ankehitriny, iza aminareo no te-ho faty voalohany, mba tsy handinihanareo an'ireo hafa?” Nanomboka nikiakiaka izy ireo; hoy aho hoe, “Aza mikiakiaka, satria ho faty tsirairay ianareo rehetra.” Ary hentitra tamin'izany aho! Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy dia nanomboka nikiakiaka izy ireo. Ary nisintona aho dia

nipiaka! Nipiaka ilay basy. Nampiditra faham-basy iray hafa aho. Nipiaka, nipiaka ilay izy; faham-basy iray hafa, nipiaka, nipiaka ilay izy. Ary namoaka faham-basy enina ambin'ny folo teo amin'ny tany aho. Nipiaka ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Ary nandositra ireo zazalahy ireo, sy nihiakiaka, ary nisitrika teny ambonin'ny havoana, sy ny rehetra.

<sup>104</sup> Ary rehefa lasa izy ireo, dia nitsangana teo aho. Rehefa tena tezitra aho, hany aho—izaho—tsy afaka nitomany aho, nihomehy tahaka ny adala iray aho ary niraraka avy teo amin'ny masoko ny ranomaso. Ankehitriny, fahatezerana iray izany. Raha tsy nisy Andriamanitra, dia efa ho mpamono olona iray aho.

<sup>105</sup> Ary noraisiko ireo faham-basy ireo dia naveriko tao anatin'ilay basy, ary, “Pao, pao”; nitifitra tsara mihitsy tahaka ny hatramin'izay izy ireo. Miresaka mikasika ny fahasoavana!

**406. Aiza ireo virijiny adala mandritry ny Arivo taona?**

<sup>106</sup> Ao amin'ny Arivo taona dia ao am-pasana izy ireo. “Ny sisa amin'ny maty dia tsy velona mandritry ny arivo taona.”

**407. Hisy ve, sa misy toerana iray ankehitriny hiangonan'ny Ampakarina miaraka mba hipetrahana, tahaka ny tamin'ny nitarihan'i Mosesy ny zanak'Isiraely?**

<sup>107</sup> Hamaly an'ity fanontaniana ity ho anareo aho; vao nambara tamiko izany. Hoteneniko aminareo ny fahamarinana. Eny, tamponko! Misy toerana iray hiangonan'ny Ampakarina rehetra. Tianareo ho fantatra hoe aiza izany? Ao amin'i Kristy. Marina. Miangona ao fotsiny; miaraka isika rehetra.

**408. Nahoana isika no manao ny fitafian'ny vehivavy ho olana iray tena goavana (Oh, oh, mahazo an'ilay izy aho eo amin'ity anankiray ity, sa tsy izany?)—olana goavana amin'ny fitafian'ny vehivavy sy ny fanapahana volo, nefa manao . . . tsy nisy na inona na inona voalaza mikasika ny volon'ny lehilahy na ny fomba fiakanjony?**

<sup>108</sup> Eny, ranabavy, hifanaraka aminao amin'ny zavatra anankiray aho. Voalohany, ny Baiboly dia nilaza fa ny lehilahy dia tsy tokony hanana volo lava. Ary raha nanana volo lava izy, dia ho niteny taminy aho, mitovy amin'izay teneniko aminao. Diso izy. Saingy ny ankamaroan'ny lehilahy, maro amin'izy ireo no tahaka ahy, tsy manana mihitsy. Saingy ny ankamaroan'ny lehilahy dia nanapaka ny volony, mitovy amin'ny lehilahy. Ary ankehitriny, raha tsy nanao an'izany izy ireo, dia ho nilazana izy ireo mba tsy hanao an'izany, hamela ny volony haniry tahaka ny volom-behivavy. Ho azonareo izany rehetra izany ao amin'ireo voadim-panambadiana sy fisaraham-panambadiana sy ny sisa rehefa mitovy eo amin'izany isika. Ny olana goavana tahaka ny an'ny lehilahy . . . na fitafian'ny vehivavy . . .

<sup>109</sup> Ankehitriny, ny lehilahy iray, voalohany, ny vatan'ny lehilahy dia tsy fakam-panahy iray tahaka ny vehivavy.

Ankehitriny, ny lehilahy, izy dia manana ranjo goavana, antitra, feno volo, miady lohalika, kibotaina, sy ny zavatra rehetra, korontana iray mahatsiravina izy; ary tsy misy na inona na inona mikasika azy ho fakam-panahy. Ary heveriko fa izy dia mitovy amin'ny fampisehoana “hafahafa indrindra” raha mijery an'ireo lehilahy mandeha eny an-dàlana, tanora na antitra, manao an'ireny bikini ireny, na inona na inona ilay izy, fantatrareo, mandeha eny an-dàlana. Heveriko fa izany no fampisehoana maloto indrindra hany nojereko. Marina izany. Heveriko fa izy—tsy fantany hoe eo amin'ny lafiny taranaka inona no misy azy (hitanareo? Marina izany!), lehilahy iray izay hanao zavatra tahaka an'izany.

<sup>110</sup> Ary mba fantatrareo moa? Vao nandre aho volana vitsy lasa izay, hiakanjo tahaka an'izany ny Tafika Amerikana. Eny! Ny Tafika dia hivoaka amin'ny taona manaraka, na amin'ny taona aorian'ny manaraka, ny rehetra amin'ny sorta. Andiana sarimbavy goavana toy ny ahoana no mety ananantsika?

<sup>111</sup> Andriamanitra dia nanao lehilahy iray hitovy amin'ny lehilahy iray, sy hihetsika tahaka ny lehilahy iray, ary hiakanjo tahaka ny lehilahy iray. Nanao vehivavy iray hanao tahaka an'izany koa Izy, miakanjo tahaka ny vehivavy iray, mihetsika tahaka ny vehivavy iray, ary mitovy amin'ny vehivavy iray. Saiky aninkeo maraina, mikasika . . . Nipoitra ny fanontaniana mikasika ny lehilahy . . . [Mifarana tsy feno ny lafiny iray an'ny horonam-peo ary manomboka tsy feno ny lafiny faharoa—Mpand.] . . . Raha tiany ny . . .

<sup>112</sup> Raha manana volo tena manify ny vehivavy iray, ka te-hanao ny iray amin'ireny “voalavo” ireny na inona no iantsoanareo azy, dia heveriko fa izany dia . . . Manao azy ny vadiko. Izany dia a . . . Milaza izy fa manify ny volony, ary manana karazan-javatra iray mikasika an'io goavana manodidina io izy, mitovy amin'ny bisky goavana be iray, lehibe loatra. Ary nofonosiny manodidina an'io ny volony ary apetany ao anatin'izany ireo paingotra. Ary ankehitriny, ny . . . Raha ny amiko, izany—tsy manelingelina na inona na inona izany raha mbola lava foana ny volonareo.

<sup>113</sup> Nilaza ny mpitoriteny iray fa ny vadiny dia—dia nohelohina, satria izy dia nanana lo-loko teo amin'ny volony. Ary hitako avy tamin'ny fanontaniana iray, fa izany dia midika hoe loko iray na fandokoana teo amin'ny volony. Tsy afaka milaza aho hoe ratsy izany; tsy manana na inona na inona mikasika an'izany aho. Raha manana volo lava izy, dia izay ihany no azoko lazaina mikasika an'izany.

<sup>114</sup> Ary ankehitriny, ny lehilahy iray . . . Nilaza ity olona ity aninkeo maraina hoe manala ny volony, namerina mametraka azy. Ankehitriny, tonga eto koa ity karazana ity, mikasika ny hety volo. Hitanareo?

115 Ankehitriny, raha—raha tsy manana volo ny lehilahy iray, ka ny vadiny. . . Efa nandre vehivavy aho nanao hoe, “Eny, raha afaka nahita an’i John fotsiny aho. . . Heveriko fa ho tsaratsara kokoa izy raha izy—raha nanao tovam-bolo izy. Inona no heverinao mikasika an’izany, Rahalahy Branham? Ratsy ho azy ve ny manao an’izany?” Tsia, tompoko! Tsia, tokoa, tsy ratsy izany, tsia mihitsy. Raha te-hanao an’izany izy, dia tsara izany, mitovy amin’ny manao solonify izany na izay rehetra misy.

116 Eo amin’izay ihany, manana solonify telo ny tenako. Naniry aho ny tsy hanana azy ireo. Izy ireo dia eo amin’ny tariby iray; manakely ny feoko foana izany, sy manapaka ny lelako, sy ny zavatra hafa rehetra, fa tsy maintsy manana azy ireo aho mba ihinanana. Ary raha izaho. . . Rehefa any ampitan-dranomasina eo amin’ireo fivoriana any ivelany aho, dia manao tovam-bolo iray; tsy nohon’ny endriny, satria fantatrarao fa hitsangana eto mihitsy aho raha tsy nanana volo iray eo an-tampon’ny lohako aza na inona na inona ilay izy. Tsy hanao ahy ho hafa izany; eto aho hisolo tena an’i Jesosy Kristy. Fa rehefa mitsangana any ivelany any aho, saiky amin’ny hariva voalohany ao amin’ny iray amin’ireo tafio-drivotra mafana, ny hariva manaraka dia tena marary ny tendako ka tsy afaka mivoaka eo aho.

117 Noho izany, raha—raha zavatra izay tiako hatao ilay izy, ary tsapako ny hanao azy, dia hataoko ilay izy. Eny, tompoko! Tsy misy zavatra iray milaza ny tsy anaovana an’izany. Tsy misy zavatra iray milaza, ranabavy, fa tsy afaka manao tovana iray ianareo, na tovam-bolo, na zavatra na iray hafa ao amin’ny anareo. . . Mety tsara tanteraka izany, saingy avelao hijanona ho lava ny volonareo. Ary ry lehilahy, tapaho ny anareo. Izay anananareo, dia hazòny ho tapaka izany. Hitanareo? Noho izany, dia milamina hatreo izany.

118 Ary ry vehivavy, miakanjoa tahaka ny vehivavy iray ianareo. Ary ry lehilahy, miakanjoa tahaka ny lehilahy iray ianareo, aza miezaka ny ho sarimbavy iray ka manao akanjom-behivavy. Ary ry vehivavy, aza miezaka ny ho lahy ka hanao akanjon-dehilahy, satria tsy tian’Andriamanitra hanao an’izany ianareo, manameloka an’izany ny Baiboly.

119 Fa ankehitriny, mikasika ny fanaovana singam-bolo iray na manao volo. . . Eny, inona no iray amin’ireo “voalavo”? Nanao fahadisoana ve aho vao teo sa “totozy” iray izany? Izany—izany dia zavatra—izany dia zavatra izay ny—apetraky ny vehivavy iray ao amin’ny volony mba hanao an’ily izy ho lasa kokoa. . . Na inona na inona ilay izy (hitanareo?), tsy misy maharatsy an’izany. Mandrosoa, mety tsara izany.

**409. Rahalahy Branham, ny anabavy iray dia tonga ato amin’ny tabernakla avy any amin’ny valonjato mailly, ary nilaza izy fa izy dia mino fa ianao no Jesosy Kristy tonga nofo. Resaho ny mikasika an’izany azafady. Izy dia tena (t-s-i-n-**

... ) **tsindrian-daona hiezaka hiteny amin'ny hafa an'izay eritreretiny.** (T-s-i-n-d-r-...) **Tsindrian-daona.** Eny àry.

<sup>120</sup> Ankehitriny, mazava ho azy fa diso ilay anabavy. Tsy Jesosy Kristy aho; Mpanompony aho. Efa nandalo an'izany imbetsaka isika. Fa...

Oh, efa tena hamarana mihitsy aho ankehitriny; mivavaha ho ahy fotsiny, haharitra kely fotsiny.

**410. Rahalahy Branham...**(Tianareo ve ny hihaino ny sisa amin'izy ireo ho—ho haingana arak'izay vitantsika?) **Rahalahy Branham, indray mandeha aho diso an'Andriamanitra nanome ahy...mahatsapa fa Andriamanitra dia nanome ahy teny fikasana iray tahaka an'i Saraha. Nisy fisalasalana iray, saingy tonga ilay teny fikasana taty aoriana. Avy tamin'Andriamanitra ve ilay teny fikasana? Fantatro fa izany ny an'i Saraha, saingy tsapako fa tena fohy ny fotoana. Tianay ny asampanompoanao sy Izy Izay niantso anao (Mamy izany, sa tsy izany?)—tianay ny asampanompoanao sy Izy Izay niantso anao ho amin'izany, ary noho izany, dia tianay ianao.** Oh, nanao sonia ny anarany izy ireo. Misaotra anareo, ranabavy sy rahalahy. Fanontaniana iray, hia, hia. Eny àry.

<sup>121</sup> Ankehitriny, Andriamanitra...Mihevitra ianao fa Izy no nanome anao an'ilay teny fikasana, ary nitranga tahaka an'i Saraha izany. Azo antoka, fa ilay Andriamanitra iray ihany izany; tahaka an'izany koa no Amaliany. Aza mino na inona na inona hafa afa-tsy hoe avy amin'Andriamanitra izany.

**Rahalahy Branham, te-hametraka fanontaniana sasantsasany aminao aho mikasika ny Baiboly. Azavao azafady ny Masindahy Marka...**

Efa nananako ity anankiray ity; nanana an'izany aho, Masindahy Marka 16. Nanana an'izany isika indray andro, tsaroako. Ndao jerentsika.

**411. Rahalahy Branham malala, azavao azafady ny Masindahy Matio toko 22, andininy, oviana...**(Efa nananantsika ity anankiray ity. Hitanareo? Tsaroanareo ve indray andro? Izaho dia izaho dia haneho anareo an'izany. Izaho dia... Hitanareo eto mihitsy izany, 22.) **Ahoana no nidiran'io vahiny io tao amin'ny Sakafo harivan'ny Mpanambady, izay nanao akanjo, nefa tsy nanao ny iray tamin'ny akanjon'ny fampakaram-bady?**

<sup>122</sup> Tsarovy, hoy aho hoe...somaly nanao vazivazy kely aho; hoy aho hoe, "Rahalahy ara-anaram-piangonana izay tonga avy teo amin'ny—ny...izay tonga avy teo amin'ny varavarankely fa tsy avy teo amin'ny Varavarana." Ny Varavarana dia ny Teny.

**Nilaza ianao fa i Kaina dia avy amin'ny taranaky ny menarana. Nahoana i Eva no nilaza hoe, “Nahazo lehilahy avy tamin'ny Tompo aho”?**

Izany no nezahako notadiavina aninkeo maraina. Nandray naoty an'ireo Soratra ho an'izany aho eto. Mety hiverina kely any aoriana aho; manantena an'izany aho. Mahita sasany eto . . .

**Ranadahy Branham, ny vadiko, izay notezaina ho Katolika iray, ao amin'ny fanompoantsika dia te-hivavaka amin'ny fanaony izy.**

Efa nananako ity. Tsaroanareo ve?

Oh, mitady azy ireo mihitsy aho ato ankehitriny. Efa nananako ity anankiray ity.

**Ranadahy Branham, izaho farany . . . mba hahaliana ny rahavaviko avy amin'ny an- . . .** Efa nananako ity. Ramatoa iray nanana rahavavy Katolika.

**Rahalahy Branham, ao amin'ny Timoty Faharoa 4, inona ilay fanomezam-pahasoavana izay nomena tamin'ny alàlan'ny . . . ?**

Efa nananako ity anankiray ity. Firy no mahatsiaro azy ireo? Nafangaroko ny sasany tamin'izy ireo teto. Hitanareo?

**Ara-dalàna ve ny mampiasa karazana . . . ?**

<sup>123</sup> Fandrindram-piterahana izany. Izaho—izaho . . . Mamelà ahy hiresaka aminao eo—manokana eo amin'izany (hitanao?), araka ny nolazaiko aninkeo maraina.

**Voalohany, voavonjy ve ireo virijiny dimy adala mandritry ny . . . ?**

Efa nananako ity. Miverina aho eto. Iray minitra fotsiny, mahareta amiko fotsiny.

**Rehefa avy nahafantatra ny làlana, farafahakeliny ny làlan'ny fibebahana sy ny fanamasinana** (Efa nananako ity anankiray ity, tsaroanareo ve?), **avy eo dia hiala amin'izany . . .**

Efa nananako koa ity anankiray ity. Somary nihemotra nankany aoriana aho. Izaho tsy maintsy nanao azy ireo fotsiny ho . . .

**Rahalahy Branham, inona no dikan'ny Masindahy Matio 24:28: “Fa any amin'izay misy ny faty dia, any no hiangonan'ny voromahery”?**

Tsaroanareo ve aho nanazava an'izany? Hitanareo? Efa nananako ity. Angamba efa vitako ny amin'izy ireo. Deraina ny Tompo!

**Izao no fotoana—izao ve no fotoana tsy maintsy iarahan'ny Ampakarina—hiaraka aminao ho an'ny** (Ankehitriny, efa nananako ity anankiray ity.) **ny Fampakarana?**

Angamba aho . . . Ary fantatro fa efa nananako ity anankiray ity, satria voamarika eo amin'ny farany ambany izany; tsaroako ity. Eny, deraina ny Tompo! Tonga eto mihitsy isika ankehitriny. Ndao jerentsika.

**412. Satria ny Asa 2:38 no fomba tokana hanaovana batisa, dia ahoana ny amin'ny vahoaka betsaka . . . ?** Efa nananako ity.

<sup>124</sup> Tsy nahafantatra an'izany mihitsy izy ireo tamin'ny androny; ankehitriny fotsiny izany vao voambara. Rehefa avy fantatrareo izay hatao, “Ho an'izay mahafantatra hanao ny tsara nefa tsy manao an'izany, dia fahotana ho azy izany.”

**413. Rahalahy Branham, ratsy ve ny mamboly—mamboly sy miasa amin'ny paraky?** Tsy mino aho fa efa nananako ity.

<sup>125</sup> Ankehitriny, manohitra ny paraky aho. Manohitra ny fampiasana paraky aho; ny Kristiana rehetra nateraka indray dia ho izany; izay ihany, satria ratsy izany. Fantatsika fa na ny siansa ara-pitsaboana aza dia milaza fa izany no manomboka ny ankamaroan'ny homamiadan'ny tenda sy—sy ny avokavoka, dia—dia ny paraky. Hoy izy ireo hoe, “Mifoha sigara misy fanatatavanana.”

<sup>126</sup> Ankehitriny, ho anareo lehilahy sy vehivavy izay mifoka sigara, dia mamitaka anareo fotsiny izany, satria ianareo tsy afaka . . . Eny, ny zavatra tokana izay ataon'izy ireo . . . Rehefa mividy sigara misy fanatatavanana ianareo, dia tsy maintsy mividy betsaka amin'izy ireny, satria mamela isan-jato iray an'ny setroka hivoaka fotsiny izany. Satria hiteny aminareo ny olona rehetra . . .

<sup>127</sup> Reko io lahateny tao amin'ny Foara Maneran-tany tany Washington tamin'ny taona lasa io (rehefa tany amin'ilay Foara Maneran-tany aho), ary ireo dokotera avy amin'izao tontolo rehetra izao no nanazava an'izany tany; nilaza fa tsy afaka mahazo setroka tsy misy tara ianareo, ary ianareo tsy afaka . . . Ary raha mahazo setroka ianareo dia mahazo tara. Ary hoy izy, “Aza mamela olona hamitaka anareo amin'ny sigara misy fanatatavanana, satria eo amin'izay ifohanareo anankiray na ilay hafa mba hanome fahafaham-po ny faniriana izay anananareo ho an'ny sigara, dia hifoka roa na telo amin'ilay hafa ianareo.” Ilay izy fotsiny dia—dia fitaka imasom-bahoaka, fitaka ara-dokam-barotra eo amin'ny radio sy televiziona.

<sup>128</sup> Fa ny miasa amin'ny paraky na mamboly paraky. Ankehitriny, ianareo rahalahy avy any Kentucky izay mamboly an'io paraky io . . . Eny, mamela ahy hilaza zavatra anankiray: Raha manameloka anareo ny manao an'izany, dia aza manao an'izany, satria aho tsy te-hanao zavatra izay mety . . . izay fantatro fa nanohana olon-kafa ho any amin'ny fahafatesany. Ratsy ny manome zava-pisotro mahery ny mpiara-monina iray, noho izany dia ho ratsy ny manamboatra zava-pisotro mahery.



Fa mamelà ahy hilaza zavatra hafa ankehitriny. Ankehitriny, raha ny amin'ny fambolena an'izany . . .

<sup>129</sup> Ny paraky, fantatrareo, ny nikôtina dia ampiasaina amin'ny resaka ara-pitsaboana ihany koa. Ary efa fantatrareo ve fa ianareo dia mamboly katsaka izay anaovana whisky, vary ary vary hordea izay anaovana whisky? Marina ve izany? Eny àry. Hitanareo? Tsy fantatrareo hoe inona no hampiasan'izy ireo an'izany.

<sup>130</sup> Fa ankehitriny, mamboly katsaka isika, mba ahafahantsika hieritreritra rehefa mamboly katsaka isika, fa mety manamboatra poa-katsaka izany, sy sakafo ho an'ny vahoaka, mofa katsaka, sy ny sisa; fa manamboatra zava-pisotro mahamamo avy amin'izany koa izy ireo (hitanareo?), noho izany dia tsy ho fantatrareo izay hatao.

<sup>131</sup> Ary mamboly ianareo . . . Manana zaridainan'ny lisy iray ianareo. Fantatrareo ve izay ataon'izy ireo amin'ny lisy? Manamboatra opium avy amin'izany izy ireo. Fantatrareo ve izay ataon'izy ireo amin'ny salady? Manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo. Opium koa no ao anatin'ny salady. Efa mba nihinana andiana salady ve ianareo ka nahita hoe fitoniana toy ny ahoana no tsapanareo vetivety? Ilay opium ao anatin'ny izany. Fantatrareo ve fa ao anatin'ny tongolo koa izany? Azo antoka. Noho izany, ianareo—hitanareo, miankina amin'izay hanaovanareo azy izany.

<sup>132</sup> Fa mamelà ahy hilaza an'ity, amin'ny maha-rahalahy Kristiana iray ho an'ny rahalahy Kristiana iray: Raha manana tanim-paraky iray ianareo, dia amidio amin'olon-kafa izany, mitadiava anjara amin'ny katsaka. Mino aho fa ho tsara kokoa izany (hitanareo?), satria tsy isalasalana fa izay ambolen'izy ireo an'izany . . .

**Ny vadiko dia nanambady alikaolika iray sy mpijangajanga iray . . .**

Efa nananako ity. Avy any . . . Noteneniko taminareo hoe avy aiza ilay izy. Lavitra avy eto izany. Efa nananako ity fanontaniana ity. Ary ankehitriny, ndao jerentsika.

**Ilay vehivavy an'ny Apokalypsy 12 . . .**

Efa nananako ity anankiray ity. Hia, efa nananako ity andiana fanontaniana ity. Ndao jerentsika. Ity efa nananako; efa nananako ireto. Ao amin'ny Apokalypsy 12 izany, izay naha-izy azy. Ndao jerentsika.

**414. Ranadahy Branham, manana zanaka roa izahay izay mandeha any am-piangonana izay fehezin'ny vehivavy mpitory teny iray. Fantatray fa tsy ao amin'ny Teny izy. Eo ambanin'io fitaomana mahery io ireo zanakay. Ahoana no tokony hitenenanay amin'izy ireo fa fahadisoana izany?**

<sup>133</sup> Efa niteny taminao aho teo taloha. Efa novaliako izany. Ary ento moramora ilay izy. Inona no holazainareo raha izaho... Fantatro fa mipetraka eto ity olona ity. Inona no lazainareo raha mino aho fa fantatro hoe iza ilay vehivavy ary azoko tenenina aminareo?

**415. Ho Arivo taona anankiray ve ny fanjakana Arivo taona sa isam-potoana iray fotsiny?**

<sup>134</sup> Efa nananako ity anankiray ity aninkeo maraina mihitsy aza. Hitanareo? Arivo taona anankiray izany. Eny àry.

**Rahalahy Branham, ny olana amin'ny . . .**

Hia, efa nananako ity. Ny vary sy ny tsimparifary, tsaroanareo fa efa nananantsika ity.

Mino aho fa hidina avy hatrany isika ankehitriny. Mety efa nametraka andiany iray an'ireto any aoriana aho. Ndao jerentsika. Zavatra mitovy.

**Ranadahy Branham, renin'ny zanaka enina mahafinaritra aho ary tian'ny vadiko handeha hiasa vetivety aho mba hanampy ara-bola. Tokony hanao ve aho? Te-hivavaka amin'Andriamanitra koa aho mba hanome ahy finoana izay...hanome ahy...Abrahama sy—sy... finoana tahaka...tahaka an'i Abrahama sy Daniela ary ireo zanaka Hebreo. Tokony hamboly paraky ve ny Kristiana iray? Vao avy nazavaiko izany. Ary . . .**

**416. Ranadahy Branham, ratsy ho an'ny vehivavy iray ve ny manaratra ny ranjony?**

<sup>135</sup> Mahita zavatra ve aho? Izany ve no lazain'ity? Izaho tsy afaka. . . Tsy fantatro. Havelako ho anareo izany.

**Ny—ratsy ve amin'izao andro izao ny mametra ny fianakavianao? Nidika ve izany hoe manao fandrindram-piterahana tanteraka?**

<sup>136</sup> Efa novaliako izany, mazava ho azy, tamin'ny...isambatan'olona tsirairay. Ndao jerentsika.

**Raha ny vehivavy mbola ao anatin'ny fahotana no misaraka ka manambady indray ary . . .**

<sup>137</sup> Efa novaliako izany. Tsaroanareo fa hoy aho hoe, “Avelao ny resaka fisaraham-panambadiana mandra-paha . . .”

**417. Manana sakaiza iray izay tena tiako aho. Nanana horonam-peo sy taratasy izy izay inoako fa manana . . . tsy niresaka taminy mihitsy. Raha ny marina, dia ataoko fa matahotra ny hamotika azy sy hahavery azy amin'ny mahampisakaiza aho. Inona no tokony hataoko?**

<sup>138</sup> Miresaha aminy amin'ny fitiavana. Izaho tsy...Mino aho fa efa novaliako izany, fa izaho—izaho dia...Aza—aza manandrana manery zavatra iray amin'ny olona. Aoka ho mamy sira fotsiny; dia haniry ny hitovy aminareo izy ireo.

Rahalahy, ranabavy, mino aho fa efa novaliako ireto.

**Rahalahy Branham, azavao azafady ny mikasika an'ireo virijiny dimy adala.**

Izaho—fantatro fa efa nananako ity anankiray ity. Izany dia voasoratra, ary taratasy mena ilay izy. Mino aho fa isika dia . . . Efa nananako ity anankiray ity. Mino aho fa novaliako ireto rehetra ireto. Deraina ny Tompo. Ndao jerentsika. Mamelà ahy iray minitra fotsiny.

**418. Ry mpaminanin'Andriamanitra malala, Masindahy Marka 16:18, izaho . . . ampahany amin'ny fametrahana-tànana amin'ny marary . . . Eo amin'ny manodidina an'ireo mpampiasa bibilava no misy ahy. Ahoana ny amin'izany?**

<sup>139</sup> Eny, fanontaniana tsara iray ity. Raha manodidina an'ireo mpampiasa bibilava no misy anao, ka milaza izy ireo fa ny Marka 16 . . . Izany tokoa! Mino aho fa ny Baiboly dia midika mihitsy an'izay Lazainy. Mino aho fa raha miezaka maka fanahy ny Tompo amin'ny zavatra iray isika, dia ho tratry ny olana amin'izany. Fa tsy mihevitra aho fa ny tian'Andriamanitra lazaina aminareo dia ny hitondranareo arsenika iray tavoahangy ho ahy ka hahita raha afaka hisotro an'izany aho ary hanaporofa aminareo fa manana finoana aho; tahaka ny tsy inoako fa ho mety tsara aminareo ny mitondra bibilava iray ho ahy, ka hamela ahy handray an'izany, ary haneho aminareo fa manana finoana izay ahafahako mandresy ny poiziny aho. Tsy mino aho fa tahaka an'izany ilay izy.

<sup>140</sup> Mino aho fa raha nanao batisa ny olona tao anaty rano aho, na nanao ny asan'ny Tompo, na tany amin'ny aty ala, ka nanaikitra ahy ilay bibilava, dia hanohy handeha amin'ny Anaran'ny Tompo mihitsy aho. Hitanareo? Mino aho fa izany no dikan'ilay izy.

<sup>141</sup> Ankehitriny, ianareo raha tsy maintsy maka . . . Hitanao, inona no ataonao amin'izany, ry olona malala na iza na iza ianao—iza ianao . . . Tsarovy izao. Hitanareo? Diniho izay nataon'ny Baiboly mikasika an'izany. Tahaka ny tsy inoako raha manandrana milaza ianareo hoe, “Voninahitra, voninahitra, voninahitra . . .” Aza maka fanahy an'Andriamanitra mba hitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, avelao fotsiny ny Fanahy hiteny amin'ny alàlanareo. Hitanareo?

<sup>142</sup> Ankehitriny, tsy mino ny maka fanahy an'Andriamanitra aho na manery na inona na inona. Tahaka ny nolazaiko vao teo mihitsy, rehefa ny Fanahy . . . Miandry ny Fanahy isika; Izy no manao an'izany.

<sup>143</sup> Ankehitriny diniho, naka tsorakazo i Paoly tao amin'ny nosin'i Kreta, mino aho fa izay ilay izy. Ary nifatotra rojo izy, sy bibilava iray, angamba mamba iray . . . Kaikitra iray mahafaty izany; tokony ho nianjera haingana mihitsy izy, maty.

Tsy mahafantra bibilava hafa izay hamono anareo haingana tahaka an'izany aho, raha tsy hoe mamba iray izany.

<sup>144</sup> Ary noho izany dia noraisiny io mamba io, hilaza isika. Kaikitra mahafaty iray izany; ianareo dia manana fotsiny eo amin'ny, fofon'aina vitsy fotsiny tavela. Rehefa mamely anareo ilay mamba, na, cobra, dia manana anjara dimampolo-dimampolo ianareo, miaraka amin'ny serôma, ny ho velona, miaraka amin'ny cobra mainty. Miaraka amin'ny cobra mavo dia manana eo amin'ny valopolo isan-jato eo ianareo ho faty ary eo amin'ny roapolo isan-jato ho velona; ny mamba iray, tsy manana isan-jato ianareo. Maty fotsiny ianareo, izay ihany, satria tsy misintona afa-tsy fofon'aina vitsy ianareo. Mampahalemy ny firafitry ny hozatra izany, ny firafitry ny rà, ary ny zavatra hafa rehetra, ka vita ny aminareo. Hitanareo?

<sup>145</sup> Fa rehefa—rehefa ity mamba izay nanaikitra an'i Paoly teo amin'ny tânana ity, hoy izy ireo hoe, “Eny, io lehilahy io dia ny . . . Lehilahy ratsy fanahy iray izy, angamba mpamono olona iray. Na dia afa-nandositra ny ranomasina aza izy, kanefa ny . . . tsy afa-nandositra ny fahafatesana izy. Hamaly faty azy ireo andriamanitra tahaka ny—satria mpamono olona iray.”

<sup>146</sup> Nijery i Paoly, ary nihantona teo amin'ny tânany io bibilava io, dia nahifiny fotsiny ilay izy, fa tsy taitaitra mihitsy, “Oh, Tompo, ampio aho hanao an'izany.” Tsia! Nojereny ilay izy, nahifiny tao anaty afo izany, nandeha naka tsorakazo toy ny hoe tsy nisy na inona na inona nitranga.

Hoy izy ireo hoe, “Ho faty afaka iray minitra fotsiny izy, satria rehefa manaikitra anareo io bibilava io, dia vita ny aminareo.” Afaka kelikely dia nandeha ny fotoana, tsy nivonto i Paoly, na maty, na tsy nisy vokany. Hoy izy ireo . . . Niova izy ireo, nanao hoe, “Andriamanitra iray izay nidina tao amin'ny endrik'olona iray izy.” Hitanareo?

<sup>147</sup> Tsy nilaza mihitsy izy hoe, “Ento aty amiko io bibilava io,” fa ilay bibilava no nanaikitra azy. Tsy naka fanahy an'Andriamanitra mihitsy izy, fa nanana finoana an'Andriamanitra handresy an'ilay kaikitry ny bibilava. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

<sup>148</sup> Noho izany na iza na iza ianao eo anivon'ireo mpampiasa bibilava, izaho . . . Ankehitriny, raha te-hampiasa bibilava izy ireo, izany—miankina amin'izy ireo izany. Hitanareo? Tsy tahaka an'izany mihitsy no ahitako an'ilay izy.

<sup>149</sup> Ankehitriny, hoy ianareo hoe, “Eny, manana finoana ireo olona ireo.” Tsy milaza aho fa tsy manana finoana izy ireo, mandoro ny tenany amin'ny fampirehetana acétylène sy ireo zavatra tahaka an'izany, saingy (hitanareo?) tsy mbola manaporofo an'Andriamanitra foana izany.

<sup>150</sup> Efa nahita an'ireo Indiana aho naka la—laharan'afao, telo dian-tongotra ny sakany ary teo amin'ny efaolo yards ny

halavany, nefa ilay izy dia afanaina amin'ny ravina mandra-pahatonga azy ho fotsy mahamay (tsy lehilahy voatokana, mpamboly), nanala ny kirarony, maka kely (mitso-drano azy ireo amin'ny ràn'osy ireo mpisorona), ary maka faraingo kely amin'ny lelam-pitana, ka araikiny ao anatin'ny hodiny eo ambonin'ny vavany, hany izy ireo ka lasa vongana anankiray goavana an'ny—ny rano, feno mitovy amin'ny baolina kelin'ny hazo Krismasy tahaka an'izany, haingo, feno, ary lelam-pitana goavana tahaka an'izao ny halavany miraikitra ao anatin'ny nofony (hieritreritra ianareo hoe inona ilay manatsofoka sy manatsoaka), ary mitsangana tahaka an'izany, ary mandehana avy hatrany mitety an'io afo mahamay io (ary izany fotsiny—fotsy mahamay fotsiny, mihoatra ny mena, fotsy mahamay)—mandeha avy hatrany mitety an'io afo io ary mihodina mihitsy dia mandeha miverina, tsy misy may iray akory aza eo amin'ny tongotr'izy ireo. Ary tsy mino ny Andriamanitsika akory aza izy ireo. Mivavaka izy ireo, mivavaka amin'ny demony. Hitanareo? Noho izany dia tsy midika na inona na inona izany. Mialà lavitra fotsiny. . . Aoka ho tena Kristiana, mora fanahy, manetry tena, miaina ny fiainana, ary amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra no hikarakara ny sisa amin'izany.

**419. Rahalahy Branham, inona no hotorian'ireo mpitory teny—hitory eo amin'izay tsy hiditra ao amin'ny Ampakarina? Ny hafatr'izy ireo ankehitriny, ny Fanahy Masina, ny batisan'ny rano, ary ny famonjena, inona no hotorian'izy ireo raha tsy miditra ao amin'ny Ampakarina izy ireo?**

<sup>151</sup> Eny, izy ireo dia. . . Fantatrareo izay mety hitranga? Iza no lazaiko, ankehitriny. Tsy afaka manaporofa an'izany aho, fa izaho. . . Hanohy hitory teny avy hatrany fotsiny izy ireo tahaka ny ataony ankehitriny, ary ny olona dia hanohy hihevitra fa voavonjy izy ireo; ary ho efa lasa ny Ampakarina.

**420. Mety ve, araka ny Teny ny manao fandrindram-piterahana?**

<sup>152</sup> Niteny taminareo aho fa hamaly an'izany manokana. Ianareo izay manana an'ireto fanontaniana ireto, manatòna ahy manokana.

**Rahalahy Branham malala, manana mpampianatra iray izahay izay fantatrao fa ny Soratra dia milaza. . .**

Hia, efa nananako ity. Iray minitra fotsiny ankehitriny.

**Rahalahy Branham, indray mandeha dia nametraka ny anaranay teo amin'ny bokin'ny anankiray. . .**

Hia, efa nananako ity. Izany dia mikasika ny hoe ahoana no nanesoran'izy ireo an'izany ankehitriny, nanao ratsy ve izy ireo?

**421. Inona. . . Hanohana ny fandrindram-piterahana ve ianao?**

<sup>153</sup> Tsia, tsy afaka hanohana an'izany aho. Tsia, tompoko. Hitanareo?

**422. Ilay . . . Ilay anjely fahafito ve, araka ny voalaza, ny Apokalypsy 10, dia ilay olona iray ihany izay Elia ao amin'ny Malakia 4?**

Efa novaliako ve ity? Toy ny hoe tsy namaly an'ity aho.

<sup>154</sup> Eny, ilay olona iray ihany izany. Ny Apokalypsy 10 dia ny Hafatr'ilay anjely fahafito, izay . . . anjely iraka fahafito an'ny Taom-Piangonana Fahafito, izay Malakia 4.

**Ny fandrindram-piterahana ve . . .**

<sup>155</sup> Manana betsaka mikasika an'izany aho. Navelako any aoriana fotsiny ireto, ary izaho—tsy te-hamaly aho; aleoko mahita anareo manokana.

**423. Aiza no ahitantsika an'izay nitorian'i Noa nandritra ny roapolo amby zato taona ary nanamboatra ny sambofiara tao anatin'ny roapolo amby zato taona?**

Efa novaliako ve izany?

<sup>156</sup> Ny taranaka iray, na ny fotoana voatsinjara iray, ny fotoana voatsinjara ho an'ny olona teto an-tany dia roapolo amby zato taona, izay nalain'i Noa, ilay vanim-potoana, hanamboarana ny sambofiara, izay noheverina ho taranaka iray tamin'izany andro izany. Roapolo amby zato taona no fotoana voatsinjara ho an'ny olona iray. Ary nitory izy, araka . . . Genesisy 6:3, nitory tamin'izany taranaka izany izy, izay roapolo amby zato taona; nitory i Noa. Eny àry. Ndao jerentsika ankehitriny.

**424. Ao amin'ny Malakia 4, io Elia io no tsy maintsy hitondra ny fon'ny ray ho amin'ireo zanaka, ary avy eo ny fon'ireo zanaka ho amin'ireo ray. Ilay olona iray ihany ve io?**

<sup>157</sup> Eny, ilay olona iray ihany. Eny àry. Oh, andraso iray minitra. Tsia! Mamelà ahy, miala tsiny aho. Izao fotsiny . . . Hitanareo ve ny nisamboran'ny Fanahy Masina an'izany ho ahy arak'izany? Tsia! Nihevitra aho fa ilay izy dia nilaza ny . . . Hitanareo?

<sup>158</sup> Ny tao amin'ny Malakia 3, eo, "Izaho maniraka ny Irako eo anoloan'ny Tavako," dia Elia. Ao amin'ny Malakia 4 dia miverina indray izany ka nanao hoe, "Indro Izaho maniraka an'i Elia." Malakia 3, tsy maintsy naka iraka iray Izy nirahina eo anoloan'ny tavan'ny Tompo Jesosy, dia i Jaona. Firy no mahazo an'izany? Malakia 4, rehefa tonga io Elia io, aorian'ny Hafany avy hatrany sy ny sisa, ary aorian'izany, dia ny Fihavian'ny Tompo sy ny fanavaozana ny tany.

<sup>159</sup> Ary mahamarika ianareo, mba hanaovana azy ho azo antoka ankehitriny fa ilay izy tsy ny . . . Ahoana no nanoratan'ny Fanahy Masina an'izany tamin'ny alàlan'ity mpaminany ity, hoy Izy hoe, "Izy no hampody ny fon'ireo ray, voalohany, ho amin'ireo zanaka." Hitanareo? Ny fihavian'i Jaona voalohany izany. Nampody ny fon'ireo ray izy, ireo fahiny, ireo ray patriarka, ho amin'ny Hafatr'ireo zanaka, dia ilay taranaka vaovao tamin'izany, Jesosy, tao amin'io taranaka io. Avy eo

ary, fanohizan-teny, mifamatotra miaraka izany “ny fon’ireo zanaka hiverina mankany amin’ireo ray,” izay midika hoe, ny Hafatr’izao andro izao no hampody ny fon’ireo zanaka ao amin’ny taom-piangonana hiverina amin’ny finoana Pentekotista tany am-boalohany tamin’ny voalohany.

<sup>160</sup> Noho izany dia ho roa samihafa izany... Ilay iraka anankiray, saingy izany dia manavaka eo ny—ny fihaviana voalohany sy ny faharoa, an’i Jaona... na ilay iraka, Elia.

**Ny vadiko sy ny zanako faralahy dia tena tsy mino...**

Hia, efa nananako ity. Fantatro fa efa nananako, satria fantatro fa nanasonia ny anarany ilay olona eo. Tsaroako ny niresaka tamin’izy ireo taorian’izany mikasika an’izany.

**425. Ahoana no ahafahanay hahita ny sitrapon’ny Tompo? Ny—ny tranonay any... Tokony hamindra ny tranonay any Jeffersonville, Indiana ve izahay? Mety ho Kristiana ve ny olona iray nefa tsy tia olona mainty hoditra iray? Tsy tian’Andriamanitra ho entina tahaka antsika ve izy ireo, satria mainty izy ireo amin’ny loko? Tianao ve...? Inona no soso-kevitrao amin’izany? Mino ny fampidirana ve ianao sa ny fanavahana?**

<sup>161</sup> Mino ny fampidirana aho. Mino aho fa ny olona iray... Tsy mampaninona na inona ny lokony na iza izy, olona iray tahaka ahy izy. Marina tokoa izany. Ary mino aho, raha namela an’ireo vahoaka mainty hoditra ireo hipetraka tsara fotsiny izy ireo, ary tsy nandeha tany ireo kominista ireo ka nanindrimandry azy ireo...

<sup>162</sup> Ankehitriny, izy ireo dia nila... Ankehitriny, ireo tena vahoaka mainty hoditra tena izy, misy andiany iray nateraka indray tena izy, olo-masina mpivavaka ao amin’ireo olona ireo. Eny, tokoa. Satria fotsiny hoe fotsy ny hoditro ary mainty ny azy ireo, dia tsy midika zavatra iray izany amiko. Rahalahiko izy raha ao amin’i Kristy.

<sup>163</sup> Izany no antony tsy ifanarahako amin’ny hafatr’ireo Afrikaans; tsy nino akory aza izy ireo fa nanana fanahy iray ireo vahoaka ireo. Izany no tsy itiavana ahy any. Hoy aho hoe, “Io lehilahy io dia lehilahy iray tahaka ahy. Manana an’ireo zò iray ihany izay ananako izy. Tsy midika fahasamihafana amiko ny hodiny, na ny olona hafa izay nateraka indray avy tamin’ny Fanahin’Andriamanitra.”

<sup>164</sup> Fa hoy aho hoe, “Raha navelan’izy ireo nipetraka tsara ireo vahoaka mainty hoditra ireo, dia tsy ho voatsindrimandrin’io mihitsy izy ireo.” Ary holazaiko avy eto amin’ity polipitra ity izany... Manana vahoaka mainty hoditra betsaka isika izay tonga eto. (Heveriko fa tsy misy iray eto izao hariva izao.) Saingy manana vahoaka mainty hoditra betsaka isika izay tonga eto amin’ity fiangonana ity. Rahalahy, tena tongasoahy tahaka ny olon-kafa rehetra izy ireo. Rahalahiko sy anabaviko izy ireo.

165 Ary ny sasany amin'ireo vahoaka mahafinaritra indrindra izay hany nihaonako teo amin'ny fiainako dia ny sasany amin'ireo vahoaka mainty hoditra ireo. Noho izany dia misy ny sasany amin'izy ireo izay jilohimboto, mitovy amin'ny vahoaka fotsy hoditra marina tokoa, na ny vahoaka mavo, na ny vahoaka volontany. Eny, tokoa.

166 Ankehitriny, tsy mino ny fampifangaroana fanambadiana aho. Mino aho fa ny lehilahy fotsy hoditra dia tsy tokony hanambady zazavavy mainty hoditra, na zazavavy mainty hoditra hanambady lehilahy fotsy hoditra, na mavo manambady mainty hoditra, na fotsy hoditra, na ny... Mino aho fa ny volontany, mainty, fotsy, ary ireo firazanan'olona dia tahaka ny zaridainam-boninkazon'Andriamanitra, ary tsy mino aho fa tokony hampifangaroana izy ireo. Mino aho fa tahaka an'izany no nanaovan'Andriamanitra azy ireo, ary mino aho fa tokony hijanona tahaka an'izany izy ireo.

167 Inona... Manahiran-tsaina ahy ny nahitako zazavavy iray mainty hoditra tena tsara tarehy, manan-tsaina, ankizy mahafinaritra jerena, tsara tarehy mihitsy tahaka ny vehivavy rehetra izay tianareo ho jerena... Inona no itiavany hanambady lehilahy fotsy hoditra iray sy hanana zanaka volon-davenona? Inona no hitiavan'ny zazavavy mainty hoditra manan-tsaina iray zavatra tahaka an'izany? Izany dia satria io zavatra io... io kominista io... Ary ahoana ny—ny tsara iray... ny—ny—ny lehilahy mainty hoditra iray no te-hanambady vehivavy fotsy hoditra iray ka hanana zanaka volon-davenona?

168 Tsy mino aho fa izaho... Mino aho fa tokony hijanona amin'izay maha-izy antsika fotsiny ianareo. Isika—mpanompon'i Kristy isika. Ary Andriamanitra no nanao ahy... Raha nanao ahy Izy, ny lokoko mainty, dia ho faly aho ny ho lehilahy mainty hoditra iray ho an'Andriamanitra. Raha nanao ahy ho mavo Izy, dia ho faly aho ny ho lehilahy mavo ho an'i Kristy. Raha nanao ahy ho fotsy Izy, izaho dia ho...?... faly ny ho lehilahy fotsy ho an'i Kristy. Raha nanao ahy ho volontany Izy, na mena, Indiana iray, na inona na inona izany, dia hijanona amin'ilay lokoko iray ihany aho. Ho izaho izany. Te-hitovy amin'izay nanaovan'ny Mpanao ahy aho.

169 Tamin'io andro io tany Shreveport rehefa tonga io fitokonana io, ary izy ireo... ary nisy an'ireo tanora mainty hoditra voatsindrimandry ireo tany, kominista... .

170 Efa niteny taminareo aho teto amin'ity polipitra ity, Martin Luther King no trosa lehibe indrindra hany nananan'ny vahoaka mainty hoditra. Marina. Io lehilahy io dia hitarika an'arivony amin'izy ireo ho any amin'ny famonoana iray (marina izany), voatsindrimandrin'ny kominisma.

171 Mamelà ahy hanaporofy ny fomba fijeriko. Efa nolazaiko izany teo amin'ny roa taona lasa izay. Jereo izay mitranga



ankehitriny. Nilaza izy ireo fa miady ho an'ny fampidirana, ary rehefa nomen'ny lalàna azy ireo ny fampidirana . . . Ary ho anareo olona izay tsy mino ny fampidirana, dia mbà menatra. Ny firenentsika dia mamela ny fampidirana, ary tokony hanao an'izay lazain'ilay sefo be isika. Marina tokoa izany.

Ary ankehitriny, hoy ianareo . . . Aza mankany amin'ireo toerana, sy ny sisa tahaka an'izany, na miantseha, na mipetraha any aorian'ilay fiara fitaterana, sy ny sisa, tsia, tompoko! Ny lalàna dia milaza fa mitovy amintsika mihitsy izy ireo, noho izany isika dia mitovy amin'izy ireo; noho izany dia ndao isika hihetsika tahaka an'izany. Ndao isika ho tahaka an'izany. Ary izany marina tokoa no inoan'ny olona tena nateraka indray marina tokoa. Ary ankehitriny, mino aho fa ao am-pon'izy ireo izany.

<sup>172</sup> Tsy mbola nanana tena fihetseham-po ho an'ny olona noho izay nananako ho an'ireo olona mahantra any Afrika mihitsy aho, ny fomba nitondrana azy ireo. Ary tena tsy mino an'io karazan-javatra io aho. Tatsimo aho; teraka tany ampitan'ilay renirano any aho, fa mitovy amin'i Abraham Lincoln aho; tonga eto aho, satria mino aho fa ny olona dia teraka mitovy. Marina izany. Ary tena tsy mino ny fanavahan'olona aho sy ireo zavatra tahaka an'izany, nefa ireo olona ireo . . . dia vita batisa tamin'ny Fanahy Masina sy ny sisa.

<sup>173</sup> Fa jereo, tsy ireo tena vahoaka Kristiana mainty hoditra nateraka indray tena izy ireo no miteraka an'io olana rehetra io. Te-hanameloka azy ireo ny amin'izany ianareo, ahoana ny amin'ny sasany amin'ireo ankizintsika fotsy hoditra jiolahimboto? Hitanareo? Ankehitriny, izay saosy ho an'ny gisavavy no ho an'ny gisalahy. Eny, ny ankizintsika fotsy hoditra dia miteraka olana betsaka avo roa heny noho izy ireo. Marina tokoa izany. Aiza no misy an'izany? Ao amin'ireo kolejintsika sy ny zavatra tahaka an'izany. Ny sasany amin'ireo vahoakantsika ambonny nianatra no mahatonga an'ireo zavatra ireo. Hitanareo?

<sup>174</sup> Eny, inona izany? Ankehitriny, mba hanehoana aminareo fa kominisma izany fa tsy ireo vahoaka mainty hoditra ireo, tahaka an'izany foana no nidiran'ny kominisma mba hifehy. Manao an'izany izy ireo any amin'ny firenena tsirairay. Tahaka an'izany no anaovan'izy ireo azy, mampiady anareo, toloom-piavotana, avy eo miditra tsy misy tifitra iray izy ireo. Tsy tehanapoaka ity firenena ity izy ireo; ilain'izy ireo izy. Afaka mandadilady ao anatiny ao izy ireo. Ary ankehitriny, nahita tranga iray tamin'ny fanaovana an'izany izy ireo, ary fantany hoe inona ilay toloom-piavotana tranainy, dia nieritreritra izy ireo fa hanomboka toloom-piavotana iray hafa.

<sup>175</sup> Mba hanaporofoina fa mazava ny fomba fijeriko, rehefa avy mahazo fampidirana izy ireo (manana an'izany izy ireo

ankehitriny, ara-dalàna, araka ny lalàna), dia miteraka olana bebe kokoa izy ireo ankehitriny noho ny nataon'izy ireo tamin'ny voalohany. Hitanareo? Izany no mampiseho fa kominisma ilay izy fa tsy ireo fanahy sarobidy izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ireo.

**426. Mbola hirehitra ve isika ka hitory ny Filazantsara, sa efa tapitra ny fotoana?**

<sup>176</sup> Tsia, manohiza mitory teny mafy mihitsy araka izay azonao itoriana. Rahalahy, mijanòna amin'izany; ao aorianao mihitsy aho.

**427. Rahalahy Branham, rehefa maminany ianao mikasika ny: tsy hihinana atody, tsy hipetraka any amin'ny lohasaha, ho anao fotsiny ve io faminaniana io sa ho an'ny fiangonana? Eny àry.**

<sup>177</sup> Taona maro lasa izay, teo amin'ny telopolo taona lasa izay, dia nanome faminaniana iray aho hoe izao no hiseho fa amin'ny andro farany dia hisy aretina eo anivon'ny biby, eo anivon'ireo biby fiompy, sy atody, hatramin'ireo atody mihitsy aza. Ary izao no hiseho, hoe hisy atody izay tsy tsara hohanina. Iza koa, izao no hiseho fa ireo olona izay mipetraka any amin'ireo lohasaha... Ankehitriny tsarovy, naminany tahaka an'izany aho telopolo taona lasa izay, hoe izao no hiseho, hoe ny olona mipetraka eny amin'ny lohasaha, hoe nangataka an'ireo Kristiana aho hifindra hiala amin'ny lohasaha, ary hoe izy ireo dia tsy tokony hihinana... Ny hena samihafa sy ireo zavatra tahaka an'izany, dia mety ho poizina. Hampidi-doza (mino aho fa tahaka an'izany no nanaovako azy) ho an'ireo olona ny mipetraka any amin'ireo lohasaha.

<sup>178</sup> Ankehitriny, izany dia talohan'ny nahazoan'izy ireo ny radioactivités na nahafantatra zavatra mikasika ny radioactivités. Fa izany no Fanahy Masina nampitandrina ahy. Ary izao ankehitriny izao, na dia ho an'ny biby fiompintsika aza (mahita azy ireo eny an-tsena ianareo) ny famafazana DDT dia nametraka zavatra tao anatin'ireo ombivavy.

<sup>179</sup> Mariho indray, fa manimba tanteraka ny taranak'olombelona io fampifangaroan-javatra sy ny sisa izay ataon'izy ireo io. "Telopolo isan-jato," roapolo na telopolo isan-jato, hoy ny *Reader's Digest*, "an'ireo marary ao amin'ny hopitaly no napetraka ao noho ireo dokotera." Hanome fanafody iray anareo izy ireo mba hamoaka an'izany avy ao aminareo, nefa mametraka zavatra hafa eto izany.

<sup>180</sup> Ary efa nahatsikaritra an'ireo atody ve ianareo? Tamin'ny taona lasa dia tranga an-jatony tany Louisville sy Jeffersonville no lasa narary ary nampidirina hopitaly nohon'ny fandòavana avy amin'ny fihinanana atody izay ny akohovavy any amin'ny lohasaha eto... Trafran'ny radioactivités ireo atody avy teny

amin'ny lohasaha. Ary nanapoizina an'ireo ahi-dratsy, sy ny sisa, tratry ny aretina ny zavatra rehetra.

<sup>181</sup> Fa ity no ahazoanareo azy, ry rahalahiko. Mino amin'ny foko rehetra aho fa voasoratra ao amin'ny Soratra izany hoe—hoe tsy misy sakafo tokony ho raisina raha tsy raisina amin'ny fisaorana izany, satria amasinin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny vavaka izany. Hitanareo? Raha mihinana azy ianareo, dia manaova hoe, “Tompo Jesosy, Ianao no nanamboatra ny sakafo ho ahy. Ankehitriny, amin'ny finoana no anamasinako an'ity sakafo ity ho an'ny tanjaky ny vatanay.” Avy eo dia hano ilay izy, fa amin'ny finoana no anaovantsika ny rehetra.

**Ranadahy Branham malala, misy antony hisarahana amin'ny vady mamolava iray ve?**

<sup>182</sup> Izaho—tsy tiako ny miresaka mikasika an'izany fisaraham-panambadiana izany. Izany—izany... Ilay izy, izaho—izaho—hiresaka mikasika an'izany aho aoriana kely.

**428. Rahalahy Branham, Rahalahy** (Iray minitra fotsiny. Mikasika ny iray amin'ireo mpitoriteny eto ity. Mamelà ahy hamaky azy aloha. [Miato Rahalahy Branham ary namaky an'ilay fanontaniana samirery—Mpand.] Ham! Iray minitra fotsiny. Eny, teneniko aminareo. Ho vakiako ilay izy na ahoana na ahoana.)—**Ralahahy Branham, niteny tamiko Rahalahy Neville tamin'ny alàlan'ny faminania na HOY NY TOMPO HOE handray ny Fanahy Masina aho. Niteny tamiko niaraka tamin'izany antoka izany fa handray ny Fanahy Masina aho, tsy mbola nandray ny Fanahy Masina aho. Tokony hanohy ve aho...?**

<sup>183</sup> Eny, tokoa! Ataovy izany. Manohiza mino.

Mariho, miantso aho... nitsangana tany amin-dry Rahalahy Wood aho omaly raha tonga ny antso an-telefona iray avy tamin'ny lehilahy iray izay tao anatin'ny seza misy kodiarana, izay tonga eto mavesatra entana ho an'ny rahalahy iray na olona iray izay—izay alikaolika ary efa nandalo ny an'ny Anonymous ka nahazo tsindrona, tany amin'ny hopitaly, sy ny sisa; ary Rahalahy Neville, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra na fomba iray dia nanome fa—faminania iray mikasika an'io olona io, ary nanome faminania iray fa hisy zavatra hitranga amin'io lehilahy io hahasoa ao anatin'ny andro vitsy manaraka, na zavatra tahaka an'izany. Ary niantso ilay lehilahy ka nilaza fa io lehilahy io, valo amby enimpolo andro ankehitriny, dia niala tany amin'ny hopitaly, tsy nisotro zava-pisotro iray, na naka fanafody iray mba hisakana azy tsy hisotro, na inona na inona. Ary niseho ilay zavatra nolazain-dRalahy Neville tao amin'ny faminania. Deraina ny Tompo! Mino isika fa lehilahin'Andriamanitra ny rahalahintsika.

**Ralahahy Branham malala, ireo ve...?**

<sup>184</sup> Andraso ankehitriny, mamelà ahy hijanona eo iray minitra fotsiny. Ankehitriny, izany no ezahako tenenina amin'ny olona. Rahalahy Neville dia mino an'ilay Hafatra iray ihany izay inoako. Rahalahy Capps, Rahalahy Beeler, Rahalahy Ruddell, ireto rahalahy rehetra manodidina eto ireto dia mino an'ilay Hafatra iray ihany izay inoako; mitory an'Izany izy ireo, tahaka ny itoriako.

<sup>185</sup> Ary raha tianareo ny, tianareo marina tokoa ny, hifindra ianareo, ary hihataka ianareo na zavatra na hafa, ka te-ho avy ho an'ny Teny, dia tongava eto. Tongava eto amin'ny tabernakla, izay handrenesanareo an'Izany.

<sup>186</sup> Lehilahy masina ireo. Lehilahy izay manana an'ilay Fanahy Masina iray ihany izay ananako sy—sy anananareo izy ireo, mampianatra avy amin'ilay Baiboly iray ihany sy Hafatra iray ihany.

**Rahalahy Branham malala, ireo izay hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ireo ve no ilay sisa nanamborana . . . ?**

Hia, efa nananako ity. Ah, hah, efa nananako ity, eo amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

**Rahalahy Branham, ny toriteninao mikasika ny batisan'ny Fanahy Masina, batisa amin'ny Anaran'i Jesosy ve . . . ?**

Hia, efa nananako ity. Ndao jerentsika.

**429. Ranadahy Branham, ny Baiboly dia miteny amintsika fa ny—ny vady vavy dia tokony hankatò ny vady lahiny. Kristiana aho ary mpanota ny vadiko. Manenjika ahy amin'ny fomba rehetra izay vitany izy, sy mba tsy handehanako any am-piangonana, ary hamaky ny Baiboliko, ka—ka mandà ny Teny. Inona no tokony hataoko?**

<sup>187</sup> Inona no tokony hataonao? Ankehitriny, henoy, tokony hankatò ny vadinao ianao; izany no Teny. Ankehitriny, raha miteny aminao izy ka mandà anao tsy hamaky ny Baiboly, handeha any am-piangonana, na zavatra tahaka an'izany, dia tsy voatery hankatò an'izany ianao, satria, “Izay manao—tsy hahafoy ny rainy, ny reniny, vady lahiny, vady vaviny, na inona na inona izany ka manaraka Ahy, dia tsy mendrika ny ho Ahy.” Marina ve izany?

<sup>188</sup> Tsia, aza . . . Ireo lehilahy dia natao . . . ianao tsy . . . Tsy natao hampiasa an'izany fahefana izany amin'ny vehivavy iray ny lehilahy iray satria fotsiny hoe izy no mpanapaka azy. Andriamanitra no mpanapaka azy eo amboninareo, rahalahy. Hitanareo? Ary raha manao zavatra tsy mety ny vadinareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia tsy . . . amin'izay fotoana izay ianareo dia manana zò hiteny azy, ary natao hihaino anareo izy. Fa tsy manana zò hikapoka azy ianareo, na hitaritarika azy manodidina, na—na hanao an'ireo zavatra ireo. Tsia! Izy . . .

<sup>189</sup> Nanao mpanampy iray ho an'ny lehilahy Andriamanitra, fa tsy famafan-tongotra. Tsarovy, izy no . . . Malalan'ny fonareo izy; tokony ho izany foana izy.

**430. Rahoviana ary aiza no hiangonan'ny olon'Andriamanitra ho an'ny Teny farany?**

<sup>190</sup> Ao amin'i Kristy. Eny! Ho an'ny andro farany, dia hiangona ao amin'i Kristy izy ireo. Aza adino izany ankehitriny. Manana toerana hiangonana iray isika; manana an'izany marina tokoa isika.

**431. Izahay dia antsoina . . . (Ankehitriny, ity ilay fanontaniana indray andro.) Izahay dia antsoina hoe vorona maloto, satria mandeha any amin'ny fiangonan'i Junior Jackson izahay. Matetika satria izahay dia miaraka amin'ny—ny . . . Tsy manaraka an'ireo fitsipi-piangonana vaovao eto amin'ny fiangonana izy. Any ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka ve izahay ny manatrika any indraindray?**

<sup>191</sup> Tsia, tempoko! Mino aho fa lehilahin'Andriamanitra i Junior Jackson. Efa nanazava an'izany aho. Mino aho . . .

<sup>192</sup> Ankehitriny, tsy mifanaraka izahay eo amin'ny lamin'ny fiangonana. Ankehitriny, mino aho fa ny an'i Junior—Junior . . . Nahoana izy . . . Firy no mahafantatra an'i Junior Jackson? Nahoana, fantatsika fa lehilahy masina iray izy. Mino an'ity Hafatra ity tahaka ny inoako mihitsy izy, ary mino an'ireto zavatra ireto izy. Am-pahatsorana, izaho sy Junior dia mpinamana mihitsy, tahaka ny sisa amin'ireto lehilahy eto ireto mihitsy, J. T., sy—sy Rahalahy Ruddell, ary Rahalahy Jackson, sy Rahalahy Beeler, ary ireto rahalahy rehetra eto ireto; izahay rehetra, miaraka izahay. Ankehitriny, izahay tsy . . . mety tsy mitovy tanteraka mihitsy ny fijerinay (hitanareo?), fa mino an'ity Hafatra iray ity ihany izahay (hitanareo?), ary miraikitra miaraka izahay. Misy an-dRahalahy Humes koa any, misionera iray, ary oh, ireo samihafa maro, izaho . . . Indraindray aho tsy afaka miantso ny anaran'izy ireo akory aza, fa ianareo—fantatrareo izay tiako lazaina na ahoana na ahoana, rahalahy. Azo antoka.

**Te-hiala amin'ny fanaovana mpampivelona ianao . . .**

<sup>193</sup> Nanontany an'izany aho. Tsaroanareo ve? Anabavy malala mamy iray izany izay te-hahafantatra mikasika ny fanaovana mpampivelona.

**Fony aho mbola kely, izaho dia . . . niteny tamin'ny olona rehetra fa-te ho mpitory teny iray aho. (Efa nananako ity. Efa nananako koa ity.) Noho izany inona no tokony hataony amin'izany androany?**

<sup>194</sup> Eny, ity dia taratasy avy amin'ny—ny mpiasa mpitoriteny ho an'i Kristy, izay tsy . . . Taratasy manokana ho ahy fotsiny

ilay izy. Avy amin'ny Rahalahy Pat Tyler izany, iray amin'ireo rahalahintsika eto am-piangonana.

Izay izy rehetra. Misaotra ny Tompo. Mankasitraka anareo olona aho. Vao avy azoko fotsiny ilay. . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

. . . dia iray,  
Ny fiononantsika sy ny ahiahintsika.

<sup>195</sup> Manontany aho raha mbola ato amin'ny tranobe Ranabavy Wilson? Nahita azy aho teto. Fantatrao ve izay nataoko vao teo, Ranabavy Wilson? Nijery an'ireo sary aho rehefa nametraka an'ilay vato fehizoro isika. Nijery an'ilay sary aho ary nahita ahy sy Hope talohan'ny nivadianay. Tsy fantatro mihitsy aza fa. . . Tsaroako nahita sary iray rehefa nivoaka tamin'ny iray tamin'ireo adiko aho, rehefa nahazo maha-tompondaka iray aho. Nijery ny sariko indray alina fony aho mpiambina saham-pihazana an'ny fanjakana teto Indiana. Ary mieritreritra ny fiangonana aho. Fantatrarao, ataoko fa tsy misy afa-tsy olona anankiray mipetraka eto izao hariva izao izay tavela avy amin'io vondrona io. Firy no teto hatramin'ny fotoana nametrahany ny vato fehizoro tao tany amin'ny voalohany? Atsangano ny tananareo.

<sup>196</sup> Ny Rahalahiko, Anabaviko Wilson, tiako ianareo—hanontany zavatra roa aminareo. Tsaroanareo ve hoe ahoana no nanombohantsika rehetra? Tsaroanareo ve ilay gorodona tranainy izay feno fotaka? Nisy varavarankely tranainy izay nihozongozona. Nanana valopolo cents isika hanombohana azy. Antontan'ahi-dratsy goavana, ity rehetra ity dia tahaka ny ala tao aoriantika teto rehefa nanorina azy isika, ny tabernakla.

<sup>197</sup> Jereo isika rehetra izay nanao ny voadintsika ka nandeha nanodidina ny alitara. Nahita azy ireo tonga sy lasa isika, ny iray avy amin'ny hafa. Efa voamarikareo ve ireo izay nijanona niaraka tamin'ny Hafatra, ahoana no nandehanan'izy ireo? Ankehitriny, eritrereto ireo izay niala tamin'ny Hafatra, ahoana no nandehanan'izy ireo. Eritrereto izany.

<sup>198</sup> Eto isika izao hariva izao, aorian'io vondrona rehetra avo telo heny amin'izay ananantsika eto ankehitriny io ao amin'ireo fivoriantika feno indrindra. Eritrereto izany, rehefa nijanona nanerana ny faritra rehetra eto ireo fiara fitateran'ny sekoly avy amin'ny manodidina rehetra hatraiza hatraiza, nandroso sy niverina manerana an'ity tokotany ity. Napetraka tao anatin'ireo tranolay teo mihitsy aza ireo tsy homby mba hikarakarana azy, ary mbola tsy afaka nametraka ny olona na taiza na taiza foana ianareo, miara-miangona. Zazalahy mpitory teny iray fotsiny aho tamin'izany. Hitanareo? Ary tamin'ireo an'arivony izay nanananay, dia misy telo aminay no tavela ato izao hariva izao.

<sup>199</sup> Tsaroako Ranabavy Wilson eo rehefa nantsoina hankeo amin'ny tongom-pandriany aho teo am-pahafatesana tamin'ny TB, nanana fahaverezan-drà, hany ka napetraka ireo lambam-pandriana sy ny ondana, mihoson-drà, teo an-joron-trano. Tsaroako ny Fanahy Masina nampijanona an'ilay rà. Andro vitsivitsy taorian'izay dia nataoko batisa tao amin'ny Reniranon'i Ohio izy tao anaty rano feno ranomandry tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary nametraka azy tao aorian'ny fiarako nisokatra, roadster tranainy kely iray, ary nitondra azy avy any Utica... Tsy marina ve izany? Avy any... [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Ranabavy Wilson—Mpand.] Hia! Ranabavy Hope, ny vadiko, io anabavy io, no tao amin'ny seza aloha an'ny roadster kely iray, ary ny reniko sy Ranabavy Snelling no tao aoriana. Manana ny sarin'izy ireo aho, Ranabavy Snelling, Mama, sy ny rehetra, Rtoa. Weber, Rtoa... ny rafozambaviko, isika rehetra tany, ary Meda, zazavavy kely bitika fotsiny nitsangana tany, ary ankehitriny, dia vehivavy fotsy volo. [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray]

<sup>200</sup> Tsaroako rehefa nanana andro ho an'ny etikety kely iray izy ireo mba hanangonana ny volanay voalohany. Ary tsaroako i Hope nitsangana teo an-joron-trano. Zazavavy iray fotsiny izy, teo amin'ny enina ambin'ny folo taona; nivarotra tahaka an'izao izy, nihazona an'io etikety io. Nanome etikety iray ho azy ireo. Ianareo dia afaka mametraka ao... .

Tonga teny an-dàlambe ny mamolava iray; hoy izy hoe, “Mamelà ahy, Ramatoakely!” Hoy izy, “Inona no amidinao?”

Hoy izy, “Tsinontsinona. Noho izany dia emeko anao ity etikety ity.” Hoy izy, “Fanomezana ho an'ny fiangonana izany. Raha te-hametraka zavatra ato ianao ho fanomezana, miezaka ny hahazo vola ampy hanorenana tabernakla iray izahay ho... . ao an-tanàna.” Hoy izy, “Raha te-hametraka zavatra ato ianao, dia afaka, fa raha... .”

Hoy izy, “Tsy manana na inona na inona aho.”

Hoy izy, “Makà etikety iray na ahoana na ahoana.” Noraisiny ary nojereny ilay izy. Teo amin'ny ilany iray dia voalaza—voalaza—voalaza hoe, “Aiza no handanianao ny Mandrakizay?” Ary teo amin'ny ilany manaraka dia nisy baraingo iray. “Aiza no handanianao ny Mandrakizay?” Fanontaniana iray.

Nihemotra nivembena izy, nojereny ilay izy; hoy izy hoe, “Ramatoakely, mametraka fanontaniana iray matotra ianao!”

Hoy izy hoe, “Fa tsy maintsy voalamina ilay izy!” Marina izany. Lasa any ankoatr'ilay lamban'efitra izy izao hariva izao. Tsaroako ireo teny farany izay nolazainy. Tsaroako izay noteneniko taminy; tsaroako izany. Eny, tempoko!

<sup>201</sup> Rano betsaka no efa lasa ao amin'ilay renirano. Nitsangana izahay taloha... . Ary talohan'ny nanananay fiangonana iray

mihitsy aza, dia efa nitsangana sy nifandray t̄anana izahay taloha ary nihira an'ity hira ity teto. Afaka mandre an'izany fotsiny aho. Ankizy iray bitika kely i Myrtle tamin'izany. Manana ny sarin'i Leroy kely nitsangana teo aho, mitovy amin'ny vonindaisoa bitika kely fotsiny.

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra  
Ny fontsika amin'ny fitiavana Kristiana;  
Ny fiombonan'ny fisainam-pihavanantsika  
Dia mitovy amin'ilay any ambony.

<sup>202</sup> Rehefa mihira an'izany isika dia misy maro amin'izy ireo any miandry ny Fihaviany.

. . . misaraka isika,  
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;  
(Mifankatia tahaka an'izany ve ianareo?)  
Fa mbola hifandray ao am-po foana isika,  
Ary manantena ny hihaona indray.

<sup>203</sup> Rahalahy Fleeman, akaiky amin'izany ianao, sa tsy izany? Nieritreritra fotsiny aho, fantatro ianao rehefa nankany amin-dry Rahalahy Roy izahay. Tsaroanao ve ireo Adcocks? Manana an'i Kenneth aho. Iza no anaran'ny anabaviny? [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Rahalahy Fleeman—Mpand.] Manana ny sarin'izy ireo aho; nitsangana tany isika rehetra niaraka tamin'ny sandrintsika nanodidina ny hafa tsirairay, teo alohan'ilay toerana, Dr. Roy E. Davis, pasitera. Nijery azy ireo aho vao teo. Doc no nitondra an'ireo sary tranainy. Somary nanao ahy hahatsapa tena hafahafa eto. Ankehitriny izany. . . maro amin'izy ireo no efa lasa (hitanareo?)—efa lasa. Tsy ho ela dia isika no ho lasa. Hitanareo? Fa . . .

Fa rehefa misaraka isika,  
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;  
Fa mbola hifandray am-po foana isika,  
Ary manantena ny hihaona indray.

<sup>204</sup> Tsaroanareo ve Rahalahy Bosworth? Talohan'ny niampitany mihitsy, dia nitsangana tao amin'ny efitrano izy, nandeha nitety ny gorodona, ka nandray t̄anana ny rainy, sy ny reniny, ary ireo azy niova fo ho an'i Kristy. Efaolo taona, efa maty efaolo na dimampolo taona izy ireo. Nahita azy ireo nitsangana tao amin'ny efitra izy, niezaka nanao ny olona rehetra hahita azy ireo. Inona izany? Niditra tao amin'ilay tany izay nisy ahy tao amin'ilay fahitana tamin'io maraina io ilay lehilahy antitra. Marina izany.

<sup>205</sup> Hitako izy ireo tany; tanora indray izy ireo. Mbola hiray am-po foana isika; manantena ny hihaona indray isika. Marina izany. Andriamanitra hitahy anareo.

<sup>206</sup> Sendra nijery tany aoriana tato amin'ny tranobe aho, niresaka mikasika an'ireo sakaizako mainty hoditra, ary mahita an-dRahalahy sy Ranabavy Nash mipetraka ery aoriana ery aho.



Tsy fantatro fa teo ianareo. Sendra nijery tany aoriana aho; eny amin'ny farany aoriana izy ireo. Ary ity rahalahy hafa mipetraka eto ity . . . Io ve ilay rahalahy izay manome ahy an'io horakoraka goavana io matetitetika eo aoriana eo io, izay mipetraka eto? Tsy afaka mieritreritra ny anarany aho. Nilaza Rahalahy Wood fa niresaka taminy izy. Hoy izy hoe, "Fantatrao? Rehefa mikasika ahy ny Fanahy, dia tsy maintsy mihorakoraka aho hoe 'Hey!'" Hoy izy, "Manantena aho fa tsy manelingelina na inona na inona izany." Rehefa tsy mihorakoraka hoe "Hey!" ianao dia izany no manelingelina ahy. Andriamanitra hitahy anareo. Tiako ianareo rahalahy, ranabavy. Marina izany.

<sup>207</sup> Rahalahy Nash, Ranabavy Nash, fantatrareo fa tiako ianareo. Eny, tompoko! Rahalahiko sy anabaviko ao amin'i Kristy Jesosy ianareo.

<sup>208</sup> Ry sakaiza mamy malala, sy ny hafa rehetra, raha nanadino ny sasany tamin'izy ireo aho, dia misokatra ho anareo ireo varavarana eto ireo. Hisokatra koa ireo varavaran'ny lanitra.

Fa mbola hiray ao am-po foana isika,  
Ary manantena ny hihaona indray.

Ny . . .

*Ny Finoako Miandrandra Anao*, ankehitriny, raha mihira isika. Ndao isika mbola hihira indray mandeha ankehitriny. Fotoana handehanana hody izao.

Ny finoako miandrandra Anao,  
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,  
O Mpamonjy Masina!  
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,  
Esory ny otako rehetra,  
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity  
Ho Anao manontolo!

Ndao isika hanandrana an'ilay *Masina*, *Masina* indray, sitrakareo ve? Omeo feon-kira iray izahay, Ranabavy. "Oh . . ." Fantatrareo ve izany? Tsaroanareo ve rehefa nihira an'izany Ranabavy Gertie sy izy ireo taloha?

<sup>209</sup> Eo am-pilentehana ny andro tany andrefana, mitso-drano ny tany ny Lanitra; voatahy ny tany. Toy ny ahoana no itiavako ny filentehan'ny masoandro hariva, mandeha midina, manao ny antsony farany ireo vorona. Tsy maintsy tonga amin'ny tsirairay avy amintsika izany. Heveriko fa ny andro hariva . . . Efa mba nahamarika ve ianareo? Hijanona tsy hitsoaka ny rivotra; hangina ireo vorona. Hitanareo? Izao tontolo izao eo ampahafatesana izany, eo ampahafatesana ny andro mba hateraka indray rahampitso maraina. Eny àry, ndao isika hanandrana an'ilay izy raha vitantsika ankehitriny:

Masina, Masina, Masina, Tompo Andriamanitra  
Mahery Indrindra.

Lee, miakara eto iray minitra. Izaho—izaho—mino aho fa izaho—tsy mihevitra aho fa haiko izany amin'izany feon-kira izany. Mamelà ahy hanandrana azy tsy misy zava-maneno. Hitanareo? Ndao jerentsika raha afaka hahavita an'izany isika. Ankehitriny, fantatro... Mety ho diso ny anaovako azy. Hitanareo? Ampio aho ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo, ankehitriny.

Masina, Masina, Masina, Tompo Andriamanitra  
Indrindra... maro.  
Feno Anao ny lanitra sy ny tany,  
Midera Anao ny lanitra sy ny tany,  
O Tompo Avo Indrindra!

Tianareo ve izany? Tsy manao zavatra aminareo ve izany?  
Ndao isika hanandrana an'izany indray:

Masina, Masina, Masina, Tompo Andriamanitra  
Avo Indrindra!  
Feno Anao ny lanitra sy ny tany,  
Midera Anao ny lanitra sy ny tany,  
O Tompo Avo Indrindra!

<sup>210</sup> Tiako izany, ary ianareo? Oh, tiako fotsiny ireo hira fahiny tsara ireo. Misy zavatra mikasika an'ireo hira ireo izay tiako. Afaka manana an'ireo hira kelinareo tapatapaka rehetra izay tianareo ananana ianareo. Omeo ahy izany; tiako izany. *Mandalo an'ilay Lamban'efitra Rovitra*, ireo hira tsara tarehy hafa rehetra tahaka an'izany ireo; tiako ireo hira ireo. Heveriko fa ampahan'ny fanompoana ny mihira (eny, tompoko!), mihira an'ireo fiderana ny Tompo.

<sup>211</sup> Eny àry, ho an'ny fampiravàntsika, ankehitriny, hira, dia *Raiso Eo Aminao ny Anaran'i Jesosy*. Enga anie ny Tompo hitahy anareo ankehitriny raha mitsangana isika.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,  
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;  
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,  
Oh, raiso Izany na aiza na aiza alehanao.  
Anarana sarobidy, O tena mamy!  
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;  
Anarana sarobidy, O tena mamy!  
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ankehitriny ity ilay andininy izay tiako, ary fampitandremana iray ho anareo rehetra izany. Inona no atao?

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,  
Ho Ampinga amin'ny fandrika rehetra; (Henoy!)  
Rehefa miangona manodidina anao ireo fakam-panahy, (Inona no tsy maintsy ataonareo?)  
Bitsiho am-bavaka fotsiny io Anarana Masina io.

Anarana sarobidy, O tena mamy!  
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;  
 Anarana sarobidy, O tena mamy!  
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!  
 Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;  
 (Mandra-pihaonantsika!)  
 Mandra-pihaonantsika!

[Hoy ny olona iray hoe, “Hahatsiaro ahy ao amin'ny vavaka ve ianao?”—Mpand.]

Tompo Jesosy, tahio ny rahalahy malalako, ary sitrano izy ankehitriny amin'ny Anaran'i Jesosy. Ekeo izany, Tompo. 🐦

64-0830E Fanontaniana Sy Valiny #4  
Branham Tabernacle  
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-  
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy  
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy  
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy  
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba  
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho  
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny  
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo  
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

[www.branham.org](http://www.branham.org)